

# **Andro Iraisam-pirenena Fiaraha-mivavaka ho an' ny Vehivavy**

7 Martsa 2020

## **Fiainana Mendrika eo amin'ny Tontolo Tsy Mendrika**

[Ary Ny Antso Hitondra ny Hazo Fijalantsika]

Miaraka amin'ny seminera tolakandro

## **Ny Fo Izay Tian'Andriamanitra Hitoerana [Ny Fahatsaran'ny Torotoro Fo sy Manetry Tena]**

Nosoratan'i Melody Mason



Nomanin'ny Minisiteran'ny Vehivavy  
Foibe Maneran-tanin'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito  
12501 Pike Old Columbia, Silver Spring, MD 20904-6600 Etazonia



## FOIBE MANERAN-TANY



### SAMPANA MIADIDY NY VEHIVAVY

28 Oktobra 2019

Ry rahavavy malala,

Faly miarahaba anareo. Tonga indray ity ny Andro Iraism-pirenena Fiaraha-mivavaka ho an'ny Vehivavy. Raha miomana ho amin'izany ianao dia manaoa drafitra handany fotoana bebe kokoa amin'ny vavaka ny herinandro mialoha sy ny herinandro aorian'ity andro ity. Ny vavaka dia ampahany lehibe amin'ny fifandraisantsika isan'andro amin'i Jesosy. Ny vavaka dia mitondra antsika hanakaiky ny seza fiandrianan'Andriamanitra. Ny vavaka dia manome hery antsika. Amin'ny alalan'ny vavaka dia afaka milaza amin'Andriamanitra ny ahiahintsika rehetra isika, na dia ny zavatra tsy hambarantsika amin'olon-kafa eto ambonin'ny tany aza. Mandray ny vavaka ataontsika ny Fanahy Masina ary maneho izany eo anatrehan'ny Ray amin'ny teny izay manambara indrindra ny ao am-pontsika.

Amin'ity Andro Fiaraha-mivavaka ity dia miantso anareo izahay mba "... hivavaka mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka hiambina amin'izany faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra" (Efesiana 6:18). Isika rehetra dia samy mivavaka ho an'ny fianakavantsika sy ny namantsika avy, fa amin'ity Andro Fiaraha-mivavaka ity kosa dia hanokana fotoana hivavahana ho an'ireo olona tsy fantatsika - mpitondra fanjakana (antsoy amin'ny anarany), mpitondra fivavahana eo amin'ny toerana misy antsika, Ony tsy manan-kialofana, ny mananotena sy mpitondratena, ny zaza mijaly na aiza na aiza, ireo izay enjehina noho ny finoany, ny maniry, ny fanararaotana... Dia mitohy ny lisitra. Ampio araka izay hitanao fa mahamety azy indrindra. Angamba afaka manampy vondrona iray voatanisa ao anatin'ny vavaka ataonao isan'andro ianao. Ho an'ireo tsy fantatrao anarana na endrika nefo antsoin'Andriamanitra koa ho vahoakany.

Ny toriteny amin'ity Andro Fiaraha-mivavaka ity dia mifantoka amin'ny fiaianana madio sy mendrika. Na toy inona na toy inona ny toe-javatra iainantsika na ny hery miasa mangina manodidina antsika, dia antsoina isika hiaina araka ny fenitra marina napetrak'i Jesosy ho antsika. Raha ny hevitra marin'ilay teny, ny hoe miaina amin'ny fomba mendrika dia miaina tahaka an'i Jesosy. Tsy ho tonga anefa izany raha tsy misy vavaka amim-pahazotoana sy ny asan'ny Fanahy Masina. Ny vokatry ny Fanahy Masina dia porofo fa misy fo madio miforona araka ny endrik'i Jesosy.

Ny fivavakay dia enga anie ity hafatra ity sy ny fitambaran'ny tahirin-kevitra rehetra hampirisika anao hanao ny vavaka ho ampahany isan'andro amin'ny fizotry ny maha-mpianatra anao, ka hanahaka bebe kokoa an'i Jesosy.

Ho aminareo anie ny fitahiana sy ny fifaliana,

Heather-Dawn Small, Tale

12501 Pike Old Columbia, Silver Spring MD 20904-6600 USA • Office (301) 680 6608 •  
[women.adventist.org](http://women.adventist.org)

## FIZAHAN-TAKELAKA

Zavatra ifantohan'ny vavaka .....	4
Momba ny mpanoratra.....	5
Fanamarihana momba ny programa .....	5
Tari-dàlana momba ny Fanompoam-pivavahana.....	6
Tantara ho an'ny Ankizy.....	7
Toriteny .....	11
Fandaharana Sekoly Sabata.....	22
Seminera Tolakandro .....	29
Atrik'asa Tolakandro .....	30

## Zavatra ifantohan'ny vavaka

Ao anatin'ireo fandaharantsika anio, dia asaina isika hiaina amim-pahamendrehana ao amin'ny tontolo tsy mendrika, ampianarina hivavaka amin'ny alàlan'ny fanalahidy roa ambin'ny folo mba hanokafana ny trano fitehirizan-kerin'ny lanitra, ary antsoina mba hametraka ny fireharehana sy ny avonavona mba hahazoana mandray ny fanetren-tena. Ellen G. White, vehivavy tena olon'ny vavaka sy ny finoana, dia manome antsika izao fampaherezana izao:

"Nohazavainy tsara fa ny fangatahantsika dia tokony ho araka ny sitrapon' Andriamanitra; tsy maintsy mangataka ny amin'ireo zavatra nampanantenainy isika, ary izay rehetra raisintsika dia tokony hampiasaina amin'ny fanaovana ny sitrapony. Rehefa feno ny fepetra, ny fampanantenana [ny amin'ny valim-bavaka] dia tsy mampisalasala » (*Prayer, p. 101*).

"Fa ny mpiavonavona kosa dia tsy mahatsiaro izay ilainy, na inona na inona, ka dia voasakana tsy ho ao am-pony Kristy Izay tonga ho antsika rehetra ary voatampina ny fahasoavany tsy misy fetra tiandy homena" (*Ny Dia, p. 35*).

"Nasehon'ny fiainan'i Kristy izay azon'ny olombelona atao raha miray amin'ny toetran' Andriamanitra izy. Izay rehetra noraisin'i Kristy tamin'Andriamanitra dia mety ho azontsika koa. Amin'ny finoana feno faharetana nananan'i Jakoba, sy amin'ny fikirizana tsy mety sasatra tao amin'i Elia, takio ho anao izay rehetra nampanantenain' Andriamanitra. " (*Henoinareo ny Fanoharana, 122*).

Ny zavatra ifantohantsika amin'ity taona ity dia ny hivavaka ho an'ny fanetren-tena lalindalina kokoa, ny finoana matanjaka kokoa ary ny fiainanana mendrika toa an'i Kristy.

- Mivavaka ho an'ny tenanao sy ny fijoroanao ho vavolombelona!
- Mivavaka ho an'ny fanambadianao sy ny zanakao
- Mivavaka ho an'ny fianakavianaao sy ny olona tianao
- Mivavaka ho an'ny mpiara-mivavaka aminao
- Mivavaka ho an'ny pasitora sy ny mpitondra fiangonana
- Mivavaka ho an'ireo mpitondra fanjakana

Mivavaka ho an'ny diviziona tsirairay manerantany, ny vehivavy ary ireo mpitarika ny ministeran'ny vehivavy.

- Diviziona Afrika Atsinanana-Afovoany
- Diviziona Euro-Asia
- Diviziona Inter-Amerikana
- Diviziona Inter-Europeanina
- Diviziona Amerika Avaratra
- Diviziona Azia-Pasifika Avaratra
- Diviziona Amerika Atsimo
- Diviziona Pasifika Atsimo
- Diviziona Afrika Atsimo-Ranomasimbe Indianina
- Diviziona Azia Atsimo
- Diviziona Azia-Pasifika Tat simo
- Diviziona Trans-Europeanina
- Diviziona Afrika Andrefana-Afovoany

## Momba ny mpanoratra

### Toriteny: Fiainana mendrika ao amin'ny tontolo tsy mendrika

**Melody Mason** (fantatra ihany koa amin'ny hoe *Melodious Echo* - na Ako/Feo Manga) dia feno fitiavana miredareda an'i Jesosy sy fanampiana olona hampivelatra fiarahana mandeha mampihetsi-po Aminy. Izy no mpanoratra ilay boky anisan'ny be mpividy indrindra *Daring to Ask for More: Divine Keys to Answered Prayer* - Ny Fahasahiana Hangataka Bebe Kokoa : Fanalahidin'ny Lanitra ho an'ny Valim-bavaka - izay efa misy amin'ny fiteny 10 samihafa. Ny ampahany betsaka amin'ny boky amin'ity Andro Iraisam-pirenena Fiaraha-mivavaka ho an' ny Vehivavy ity dia nalaina tao amin'ilay bokiny vaovao izay hivoaka tsy ho ela, *Daring to Live by Every Word: Divine Keys to Abundant Living* - Ny Fahasahiana Hivelona amin'ny Teny Rehetra: Fanalahidin'ny Lanitra Hananana Fiainana Be dia Be.

Ankehitriny i Melody dia mandrindra ny fandaharana *United in Prayer* - Miray ao amin'ny Vavaka - ho an'ny Foibe Maneran-tany ary manampy amin'ny famolavolana tahirin-kevitra ho an'ny tetik'asa Fifohazana sy Fanavaozana ho an'ny fiangonana maneran-tany. Niseho tamin'ny fandaharana maro tao amin'ny Hope Channel ary koa ny 3ABN i Melody, ary ny fijoroana ho vavolombelona sy ny seminera nataony dia hita ao amin'ny YouTube. Tia manoratra, mitaingina bisikileta ary mandany fotoana eny anivon'ny zava-boahary i Melody, ary isaky ny azo atao dia manolo-tena amin'ny asa fitoriana any ivelany izy. Mipetraka any Silver Spring Maryland izy.

### Seminera: Ny Fo Izay Tian'i Andriamanitra Hitoerana

Rehefa mivavaka ho an'ny fifohazana isika ary miomana ho any an-danitra, dia karazana fo toy inona moa no tokony ho volentsika? Ny Isaia 57:15 no manome antsika ny valiny. «Fa izao no lazain'ny Iray avo sy manerinerina, Izay monina mandrakizay, Masina no anarany: ao amin'ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin'ny torotoro fo sy ny manetry tena, hamelombelona ny fanahin 'ny manetry tena sy ny hamelombelona ny fon'ny torotoro fo.”

Amin'ny atrikasa tolakandro, dia mitarika indray ny masontsika ho eo amin'ny Soratra Masina i Melody raha manome antsika topimaso akaiky ny amin'ny karazana fo izay tian'Andriamanitra honenana. Ny fon'ny fanetren-tena izany, ny fo torotoro ary ny fon'ny fiderana no tena manome voninahitra an'Andriamanitra avo indrindra.

## Fanamarihana momba ny programa

Aza misalasala manao ny dikan-teny, ny mampifanaraka amin'ny zava-misy ary manamboatra ny antontan-tahirin-kevitra *araka ny filàn'ny diviziona misy anao*, anisan'izany ny dikan-tenin'ny Baiboly tsara indrindra hampiasainao. Ary koa, azonao atao amin'ny fomba malalaka ny mampifanaraka ny antontam-pitaovana arakaraka ny kolontsain'ny mpihaino anao. Rehefa nahavita nandika ny fitaovana voarainareo ho amin'ny frantsay, portiogey ary espaniola hianareo, dia andefaso dika mitovy amin'ny ateroneto izahay mba ho zaraina amin'ireo rahavavintsika izay mila izany.

## Tari-dàlana momba ny Fanompoam-pivavahana

### Soso-kevitra momba ny Fizotran'ny Fanompoam-pivavahana

**Antso ho amin'ny Fiankohofana sy Fiderana**

**Andalan-tSoratra Masina:** 2 Petera 1: 3, 4

“Efa nomen’ny herin’Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an’Andriamanitra amin’ny fahalalana an’Ilay niantso antsika ho amin’ny voninahiny sy ny fahatsarany.

“Ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra mba ho tonga mpiray amin’ny fomban’Andriamanitra amin’izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin’izao tontolo izao noho ny filàna.”

**Hira fiderana:** 516, "All the Way" *Hymnes et Louanges Adventistes*

**Vavaka pastoraly**

**Antso ho amin'ny Fanatitra**

**Vakiteny setriny:** 787, "Christian in Practice," *Hymnes et Louanges Adventistes*

**Tantara ho an'ny ankizy:** "Ny Fomba Nianaran'i Larissa Hifady Hanina sy Hivavaka"

**Feon-kira manokana**

**Toriteny:** "Fiainana feno hatsarana ao amin'ny tontolo tsy mendrika"

**Hira farany:** 316, "Velomy ny fiainanao ato anatiko," *Hymnes et Louanges Adventistes*

**Vavaka famaranana**

## Tantara ho an'ny Ankizy

### Ny Fomba Nianaran'i Larissa Kely Hifady Hanina sy Hivavaka

Tantara ho an'ny ankizy

*Avy amin'ny Adventist Mission*

Firy aminareo noefa tsy nisakafo indray mandeha? Efa tsy nisakafo indroa ve ianareo? Mafy izany tsy mihinana izany rehefa noana ianao, sa tsy izany?

Indraindray misy olona tsy misakafo mba hahazoany mandany fotoana bebe kokoa hivavahana. Rehefa manao izany izy ireo dia izay ilay antsointsika hoe "fifadian-kanina."

Fantatrao ve fa milaza amintsika Andriamanitra fa mila mifady hanina isika indraindray ? - izany hoe mila tsy misakafo isika na mijanona tsy manao zavatra mandritra ny fotoana kely, mba hahafahantsika mandany fotoana bebe kokoa amin'ny vavaka momba ny zavatra tena manan-danja tokoa.

Amin'ity maraina ity dia te hiresaka aminareo aho momba ny zazavavy kely iray antsoina hoe Larissa, avy any Tchecoslovaquie, izay nianatra nifady hanina sy nivavaka.

Nifady hanina ny Dada sy ny Nenin'i Larissa isaky ny misy zavatra tena manahirana azy ireo.

Rehefa manana olana lehibe any am-piasany ao Prague ny Dadany, dia tsy mikasika sakafio mihitsy mandritra ny andro iray izy sy i Neny. Fa kosa misotro rano ihany izy ireo rehefa mivavaka amin'Andriamanitra momba ny olan'ny asa.

Raha niatrika zava-tsarotra lehibe i Dadabe, dia mety tsy hihinan-kena mandritra ny andro iray i Dada sy Neny. Fa kosa mihinana voankazo sy legioma fotsiny izy ireo raha nivavaka tamin'Andriamanitra momba ny fahasahiranan'i Dadabe.

Indray hariva dia nanambara ny Dadan'i Larissa nandritra ny fotoam-pivavahan'ny fianakaviana miaraka amin'i Neny sy ny zanany telo fa ny nenitoany anankiray izay tena tian'izy ireo dia te-hangataka fisaraham-panambadiana. Koa dia nanapa-kevitra izy sy Neny fa hifady hanina tsy hihinana na inona na inona mihitsy ny ampitso.

Tamin'io fotoana io dia niteny i Larissa, 13 taona.

"Te hifady hanina sy hivavaka koa aho," hoy izy.

Nanodinkodina moramora ny lohany i Dada

"Efa nilaza taminao imbetsaka izaho sy Neny fa tanora loatra ianao ka tsy afaka handany tontolo andro iray manontolo tsy misakafo," hoy izy.

"Ka izao ange, ry Dada e!" hoy i Larissa. "Efa 13 taona aho izao. Tsy 9 na 5 taona toy ireo anadahiko aho. Tena te hifady hanina sy hivavaka ho an'i Nenitoa aho. "

Tsy azon'i Dada sy Neny antoka ilay fangatahana, nefo i Larissa tsy nitsahatra nitalaho hatrany.

Dia nanoro hevitra i Neny fa hifady tsindrin-tsakafo fotsiny i Larissa ary tsy mihinana afa-tsy voankazo sy legioma ihany. Saingy nanantitrantitra i Larissa fa te hanandrana fifadian-kanina tsy mihinana na inona na inona mihitsy izy. Farany nanaiky i Dada, ary lasa natory tamimpifaliana Larissa. Faran'ny herinandro tamin'izay.

Nony maraina dia tsaroan' i Larissa rehefa nifoha izy fa nikasa ny tsy hihinana na inona na inona izy mandritra iny tontolo andro. Fa kosa hisotro rano ary hivavaka isam-potoana mba hahatonga an'i Nenitoa hiova hevitra momba an'ilay fisarahan-panambadiana.

"Miangavy re, vonjeo ny ankohonany, Tompo ô, satria fantatro fa tsy misy zavatra izay tsy hainao, ary fantatro fa afaka manampy azy Hianao."

Niarina izy ary nisotro rano iray vera avy hatrany.

Nanao ny fiaraha-mivavaka maraina ny fianakaviana ary nivavaka ho an'i Nenitoa.

Ary rehefa nihazakazaka nankany an-dakozia ny zandrin'i Larissa dia nandeha nankany amin'ny efiranony izy ary nanakatona ny varavarana mba tsy hahitany azy ireo misakafo. Namaky Baiboly bebe kokoa izy ary nivavaka ho an'i Nenitoa mba tsy hisara-panambadiana. Henony fa mbola nihinana ireo zandriny ka dia naka borosy fandokoana izy ary nandoko sarin'ny hazo maitso avo be sy tendrombohitra tsara tarehy.

Taorian'ny sakafo maraina dia niara-nilalao tamin'ny zandriny tao amin'ny efiranono fandraisam-bahiny i Larissa. Tsindraindray dia nivavaka mangina ho an'i Nenitoa izy.

" Miangavy re, vonjeo ny ankohonany, Tompo ô, satria fantatro fa tsy misy zavatra izay tsy hainao, ary fantatro fa afaka manampy azy Hianao."

Tamin'ny sakafo antoandro, dia nanontany ny amin'ny fahatsapany ny tenany i Neny.

"Salama aho. Tsara ihany aho, " hoy i Larissa. "Ao tsara mihitsy aho fa aza matahotra. "

Rehefa avy nisotro rano iray vera izy dia niverina tao amin'ny efiranony. Nanomboka nahatsiaro noana izy, nefo tsy te halaim-panahy hanapaka ny fifadiany hanina. Tao amin'ny efiranony, dia nikaroka zavatra momba an'i Angletera tao amin'ny ateroneto izy. Tiany avokoa ny zavatra rehetra momba an'i Angletera, ary naniry izy mba ho afaka hitsidika izany indray andro any.

Taorian'ny sakafo atoandro dia niara-nilalao tamin'ny zandriny i Larissa, saingy nanomboka nahatsiaro ho tena noana mafy izy. Tsy mora tahaka ny nanantenany azy ny mifady hanina.

"Tena noana aho, nefo tsy te ho kivy," hoy i Larissa tamin'i Dada.

"Vitanao io," hoy i Dada sady nampahery.

Nivavaka mangina ho an'i Nenitoa i Larissa mba tsy hisara-panambadiana ary nangataka tamin'Andriamanitra hanampy azy hanohy ny fifadian-kanina. Rehefa izany, dia nampidina rano tamin'ny vera iray izy.

Rehefa afaka kelikely, dia nanoro hevitra i Neny mba hisotro rano mafana i Larissa.

“Manomboka mahatsiaro mangatsiaka ianao rehefa tsy misakafo,” hoy i Neny.

Nanafana an'i Larissa ilay rano mafana, ary niezaka mafy izy mba tsy hieritreritra sakafo. Nivavaka ho an'ny Nenitoa izy.

Tamin'ny fotoanan'ny sakafo hariva dia niverina tany amin'ny efitranony i Larissa. Namalona akanjo vitsivitsy izy, namafa ny vovoka teo amin'ny latabany ary nanao fampirimana ka namerina zavatra tamin'ny toerany.

Tamin'ny fotoam-pivavahana hariva nataon'ny fianakaviana dia nivavaka ho an'ny Nenitoa izy ireo ary niresaka momba ny tontolo andro.

“Inona no zavatra nahafinaritra anao androany?” Hoy i Dada nanontany an'i Larissa.

“Faly aho fa mbola velon’aina!” Hoy i Larissa.

Ny ampitso maraina, dia nihinana tamin'ny fony tokoa ireo salady nisy cocembre sy karaoty ary zava-maitso ho an'ny sakafo maraina i Larissa. Tena natsiro kokoa noho ny taloha ny sakafo.

Andro vitsivitsy taorian’izay dia nanambara i Dada nandritra ny fotoam-pivavahan'ny fianakaviana fa niova hevitra i Nenitoa. Tsy te-hisara-panambadiana intsony izy.

Faly be i Larissa satria nifady hanina izy ary namaly ny vavaka nataony Andriamanitra.

Misy zavatra tena manokana izay tianao hataon'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao ve ankehitriny?

Angamba toa an'i Larissa, dia tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavahana ianao.

Angamba tsy te hahafoy sakafo mandritra ny andro iray manontolo ianao, saingy fantatralo ve fa misy fomba hafa hanaovana fifadian-kanina?

Inona ireo zavatra sasany izay heverinao fa azonao ajanona mandritra ny andro iray, na mandritra ny ora vitsivitsy, rehefa mivavaka mba hanaovan'Andriamanitra fahagagana manokana ianao? [Makà soso-kevitra avy amin'ny ankizy.]

Angamba afaka mifady tsy hihinana mofomamy ianao, na *cake*, na gilasy, na tsindrin-tsakafo hafa fa hihinana voankazo sy legioma fotsiny.

Na afaka mijanona tsy manao *internet* sy *facebook* mandritra ny indray andro ianao.

Na azonao atao ny manapa-kevitra tsy hijery horonan-tsary mandritra ny indray andro.

Tsarovy fa rehefa mifady hanina isika dia tsy hoe satria mieritreritra fa afaka mahazo ny fitahian'Andriamanitra. Araka ny nolazain'ny olona iray hoe: "Mifady hanina eto amin'izao tontolo izao isika mba hahafahantsika misakafo amin'i Jesosy."

Raha manokana fotoana hifadiana hanina ianao, dia ataovy azo antoka fa maka fotoana bebe kokoa hivavahana sy hiarahana amin'i Jesosy. Mihaino mandrakariva ny vavaka ataontsika Andriamanitra rehefa mivavaka isika. Ary tena tiany ny mandre ny ankizy mivavaka!

**- Faran'ny tantara ho an'ny ankizy -**

## Toriteny

### **Fiainana Tsara Sy Mendrika Eo Amin'ny Tontolo Tsy Mendrika**

[Ary ny Antso Handraisantsika ny Hazofijaliantsika]

Nosoratan'i Melody Mason

(SARY 1 → SARY 2)

#### **Fampidirana**

Tamin'ny taona 1994, niaina famonoana mahatsiravina ny firenena Rwanda izay nahafatesana olona Maherin'ny iray tapitrisa. Manodidina ny 100 000 amin'ireo no mambran'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

Nandritra ny nampahafana ny fifandonana, ny foko iray dia niezaka hamongotra ny foko iray hafa. Nihazakazaka nankany amin'ireo fiagonana ny foko voatafika mba hitady fialofana satria nieritreritra fa tsy hisy hamono izy ireo raha maka ny toerana masina ao amin'ny fiagonana iray. Tao amin'ny anankiray amin'ireo fiagonana ireo dia nisy andian'Advantista niara-nitangorona.

Nohidiana ny varavarana, ary nifampiakinankina ny olona rehetra, nivavaka mba hahazo fiarovana. Vetivety dia nisy vahoaka, nirongo famaky, namaky ny varavarana ka namono ny olona rehetra tandrify azy, eny fa na dia ilay pasitora aza. Famonoan'olona mahatsiravina izany. Vitsy ihany no afamandositra.

Roa andro taorian'izay, rehefa lasa ireo mpamono olona dia tonga ireo sisa velona ka nanangona nny faty ary nandevina azy ireo tao amin'ny fasana tambabe. Rehefa nitsimpona ny faty izy ireo dia nahita fa mbola nitempo ny fon'ny vehivavy iray. Nentin'izy ireo haingana tany amin'ny hopitaly tamin'ny fanantenana ny hamonjy ny ainy. Tena mafy ny ady natrehin'ilay vehivavy, fa velona soa amantsara ihany izy. Nandritra ny telo taona dia nivoaka sy niditra ny hopitaly izy. Farany, dia nanomboka nanorina fiainam-baovao .

Amin'ny maha vadin'ny pasitoran'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito azy, izay maty tamin'ilay famonoana, dia nanapa-kevitra ny rahavavy Marie fa tsy tiany ho very maina ny fahafatesan'ny vadiny. Nanapa-kevitra ihany koa izy fa tsy hiaina ao anatin'ny fangidiana sy ny fankahalana fa kosa hanolotra famelan-keloka ho an'ireo izay nandratra azy mafy.

(SARY 3)

## Mampihatra ny famelan-keloka

**FIJOROANA VAVOLOMBELON'I MARIE**

*(tsy izany akory no tena anarany)*

Namaky ny bokin'ny Romana i Marie manao hoe: "Fa raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; raha mangetaheta izy, omeo hosotroiny; Fa raha manao izany ianao, dia hanambatra vainafo eo an-dohany." (Romana 12:20).

Rehefa nahafantatra i Marie fa voasambotra ny sasany tamin'ireo mpamono olona ary tao amin'ny fonja tsy lavitra teo, dia nandeha nitsidika azy ireo izy ary nitondra sakafo ho azy. Rehefa nandeha ny fotoana dia lasa «reny» ho an'ny fonja izy, nitondra tsy tapaka sakafo sy bodofootsy ho an'ireo voafonja. Nanomboka nianatra ny Baiboly niaraka tamin'ireo gadra koa izy.

Indray andro raha nanao asa fanompoana tamin'ireo gadra izy, dia nisy tovolahy iray antsoina hoe Rukundo tonga ary niankohoka teo amin'ny tongony ka nanomboka nanoroka ny tongony. "Madama ô, tadinia ve aho?", hoy izy nanontany. Mafy tamin'i Marie ny nahafantatra sy nahatadidy ny endriny. Io ilay lehilahy izay namono ny vadiny. Efa nanandrana namono azy ihany koa izy io.

"Madama ô, hamela heloka ahy ve ianao? Hoy izy nanontany tamin-dranomaso.

Nosintoniny moramora avy teo amin'ny tany ilay tovolahy arynofihininy. «Efa namela anao hatramin'ny ela aho. Efa nanapa-kevitra tato am-poko fa tsy hankahala velively. Tsy handany ny taonako amin'ny fangidiana na ny alahelo aho. Namela anao aho.»

Nandritra ny enim-bolana nanaraka, dia niara-nianatra Baiboly tamin'i Rukundo i Marie. Vokatr'izany dia nanapa-kevitra ny hatao batisa i Rukundo. Tamin'ny andron'ny batisany dia njoro teo anoloan'ny voafonja rehetra izy ary niaiky ny fahotany. Nahafinaritra sy nampihetsi-po fatratra izany. Teo i Marie nanatri-maso izany.

Rehefa afaka taona vitsivitsy dia nanome ny famotsoran-keloka an'i Rukundo ny governemantan'i Rwanda, ary navoaka ny fonja izy. Nefa ny fianakavian'i Rukundo, anisan'izany ny rainy sy ny reniny dia efa maty koa tamin'ilay fifamonoana, ary tsy manankaleha izy. Nandeha tany an-tranon'i Marie izy taorian'ny famotsorana azy, dia nandondona teo am-baravarany. "Irery aho ary tsy fantatro hoe aiza no haleha. Inona no tokony hataoko?" Hoy izy nanontany. Nitsiky i Marie. "Irery koa aho! Hatsangako ho zanako ianao ary hiara-hiandry ny fahatongavan'i Jesosy isika. Dia hiaraka hihaona amin'ireo olon-tiantsika isika. »

(SARY 4 – teny notsongaina)

Toy izao no vakintsika ao amin'ny boky "Henoinareo ny Fanoharana", p. 365:

"Ny taratra farany avy amin'ny fahazavan'ny fahasoavana, ny hafatra farany mitondra famindram-po ho entina amin'ny taranak'olombelona, dia fanambarana ny toeatra amam-panahy feno fitiavana. Tokony hampibaribary ny voninahiny ny zanak'Andriamanitra. Ny fiainan'izy ireo sy ny toeatra amam-panahiny dia tokony hanambara izay efa nataon'ny fahasoavan'Andriamanitra ho azy."

Angamba ny fihetsika nataon'i Marie dia toa ohatra matanjaka indrindra amin'ny fanaovana ho modely ny fitiavan'i Jesosy; kanefa na izany aza, dia mino aho fa io no *karazana fivavahana kristiana* izay iantsoan'Andriamanitra antsika tsirairay ho raisina. Tsy azo eritreretina izany! Hentitra izany! Tsy ho vita amin'ny maha-olombelona izany raha tsy olona feno ny Fanahy Masina.

#### (SARY 5 – Andinin-tSoratra Masina)

Ny vakiteny fototra anio maraina dia ny 2 Petera 1: 3-4. Andeha ho vakintsika indray.

“Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany ; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra mba ho tonga mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra amin'izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna”.

Inona no dikan'ny hoe antsoina ho amin'ny voninahitra sy ny fahamendrehana/fahatsarana? Mino aho fa midika izany manao hoe miaina amim-pahamendrehana ao amin'ny tontolo tsy mendrika. Midika izany fa mampiseho amin'ny fomba fiainantsika izay nataon'ny fitiavan'Andriamanitra tao am-pontsika manokana isika.

#### SARY 6 – Jesosy manompo)

### **Ny Modely Mitsimbadika Ho an'ny Fiainana Kristiana MODELIN'NY MAHA-MPIANATRA NASEHON'I JESOSY**

Hitantsika avy amin'ny Filazantsara fa Jesosy dia nanome ho an'ireo mpanaraka Azy ny modelin'ny maha-mpianatra izay mifanohitra amin'izay fomba ampirisihan'ny fiaraha-monina antsika mba hiainantsika. Ny modely omeny dia mifanipaka amin'ny fitsipika mahazatra eran'izao tontolo izao ho amin'ny fahombiazana.

Mamelà ahy hizara ohatra vitsivitsy:

- **Izao tontolo izao milaza** fa raha mila fahombiazana ianao, dia miezaha hatrany mba ho voalohany.
- **Jesosy milaza** fa ao amin'ny fanjakako izay voalohany no ho farany. (Jereo ny Matio 20:16)
- **Izao tontolo izao milaza** hoe miezaha mikarakara ny tenanao sy ny filànao manokana.

• **Jesosy milaza** fa ny fikarakarana ny filàn'ny hafa no tokony hataontsika. (Jereo ny Matio 20:28)

• **Izao tontolo izao milaza** hoe miezaha hanasoa ny tenanao ary hiaina amin'ny fahafenoany rehetra.

• **Jesosy milaza** fa fotoana izao tokony ho faty ny amin'ny tena sy ny fahafinaretana feno fitiavan-tena ary hivelona ho an'ny hafa. (Jereo ny Matio 16:24).

• **Izao tontolo izao milaza** mba hanaovana soa hahitan'ny olona rehetra anao mba hahazoanao valisoa.

• **Jesosy milaza** fa raha ny ho hitan'ny olona no antony manosika antsika dia tsy hahazo valisoa any an-danitra isika. Raha ny marina dia milaza Izy fa ny zavatra ataontsika ao amin'ny miafina ka tsy iezahana ny hisarihana ny fijerin'ny olona no tena zava-dehibe indrindra. (Jereo ny Matio 6: 1, 6)

• **Izao tontolo izao milaza** mba hisakaizana amin'ny mpanan-karena sy ny olo-malaza mba hahazoanao tombon-tsoa.

• **Jesosy milaza** mba hianarana ny dikan'ny hoe manompo ny kely indrindra amin'ireny, satria ireo no lehibe indrindra amin'ny fanjakako. (Jereo ny Matio 25:45)

• **Izao tontolo izao milaza** mba hanangona harena ankehitriny, mba hifantohana amin'ny fahazoana betsaka araka izay azonao atao ankehitriny.

• **Nefa Jesosy milaza** fa ny harena ara-nofo izay angoninao ankehitriny dia ho lasa harafesina ary ho fongana. Ny hany harena maharitra dia ireo izay omenao ny hafa. (Jereo Matio 6:19, 20)

Raha mieritreritra isika fa sarotra ireo fitsipika ireo, dia tena mafy tokoa ity didy manaraka ity. Ny tena fivavahana kristianina dia mandalo zava-tsarotra ho voninahit'Andriamanitra.

• **Izao tontolo izao milaza** hoe, "maso solon'ny maso sy nify solon'ny nify" ary "tiava ny namanao fa mankahalà ny fahavalonao."

• **Nefa Jesosy milaza** hoe tiava ny fahavalonao. Raha misy mamely ny takolakao anankiray dia omeo azy koa ny ilany. (Jereo ny Matio 5: 38-44)

Andeha hojerentsika akaiky io didy io araka ny voarakitra ao amin'ny filazantsaran'i Lioka.

"Misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an'izay manisy ratsy anareo. Raha misy mamely ny takolakao anankiray dia atolory azy koa ny anankiray. Ary raha misy maka ny lambanao, aza lavinao na dia ny akanjonao aza. Omeo izay rehetra mangataka aminao. Ary raha misy maka ny anananao dia aza manaraka izany aminy. Ary araka izay tianareo hataon'ny olona aminareo, dia ataovy aminy kosa. Fa raha izay tia anareo ihany no tianareo, inona moa no soa tokony ho azonareo? Fa na dia ny mpanota aza mba manao izany ihany. Ary raha mampisambotra izay antenainareo fa mbola hanonitra hianareo, inona no soa tokony ho azonareo? Fa na dia ny mpanota aza mba mampisambotra ny mpanota, handraisany toraka izany indray. Fa tiava ny fahavalonareo, ary manaova soa, dia mampisambora, ka aza kivy na amin'inona na amin'inona dia ho lehibe ny valim-pitianareo, ary ho zanaky ny Avo Indrindra ianareo. Fa Izy mora fanahy amin'izay tsy misaotra sy ny ratsy fanahy. Aoka ho mpamindra fo ianareo mba ho tahaka ny Rainareo, Mpamindra fo" (Lio. 6: 28-36).

## SARY 7 – fifamihinana

Alaivo sary an-tsaina fotsiny hoe tsy ho ela dia ho vita ny asa ary ho avy Jesosy handray antsika ho any an-trano, raha manaraka ny modelin'ny fitiavan'i Kristy tahaka izany isika. Hoy i Jesosy hoe: "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia" (Jaona 13:35).

Na izany aza dia tsy mandeha ho azy ho antsika ny miaina sy mitia amin'ny fomba toy izany. Ary sarotra ny miresaka momba ny fitiavana ny fahavalontsika toy izany rehefa tsy haintsika aza na dia *ny hitia ny namantsika sy ireo mpiara-mivavaka amintsika* amin'izany fomba izany. Mila ny Fanahy Masina hitoetra ao anatintsika isika, satria raha misaraka amin'i Kristy dia tsy mahay manao na inona na inona isika.

## SARY 8 - tia ny tena)

Mivavaka isika mba hisian'ny filaminana sy ny fifaliana bebe kokoa, saingy tokony hivavaka amin'ilay Andriamaniry ny fiadanana sy ny fifaliana isika mba hitoetra ao anatintsika amin'ny alàlan'ny Fanahiny (Jaona 14:27, Jaona 15:11). Mivavaka isika mba ho maha-te-hotia bebe kokoa, saingy tokony hivavaka isika mba ho Ilay Fitiavana mihitsy no hitoetra ao amintsika. Mivavaka isika mba ho tonga kristiana tsara kokoa, saingy tokony hivavaka amin'i Kristy mihitsy isika mba hitoetra ao anatintsika amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina — araka ny nokasainy (Efesiana 2:22).

## SARY 9 - Fijoroana vavolombelona nataon'i Tom)

### **Manolotra ny takolaka anankiray**

### **Fijoroana Vavolombelona nataon'i Tom**

Mamelà ahy hilaza tantara iray hafa. Izany dia mikasika ny lehilahy iray atao hoe Tom (tsy izany akory no tena anarany).

Tom dia mpitory ny Baiboly manompo any amin'ny faritra sarotra eto amin'izao tontolo izao izay tsy dia mora ny mizara ny filazantsara ary maro ny kristiana no enjehina noho ny finoany.

Araka ny tantara, dia niharan'ny lozam-pifamoivoizana tamin'ny môtô i Tom sy ny vadiny. Nitranga ny loza rehefa nijanona teo amoron-dàlana izy ireo raha sendra nisy mpandeha môtô hafa nandalo ka nandona azy ireo. Soa ihany fa tsy nisy naratra mafy, na dia samy trapahavoazana aza ny môtô roa. Mamo ilay lehilahy nandona azy ireo. Sefom-paritra teo amin'ny tanàna tsy dia lavitra eo izy.

Na dia tsy nanana vola be aza i Tom, raha tokony ho tezitra izy noho ilay loza, dia nanontany an'ilay sefom-paritra izy hoe: "Ahoana no hamahantsika an'ity olana ity?"

"Tsy maintsy manamboatra ny môtô-ko ianao!" Hoy ilay sefom-paritra tamin-katezerana.

Tsy niady hevitra akory i Tom fa nandoa ny vola saran'ny fanamboarana ilay môtô. Tsy nijanona tamin'izany fotsiny anefa izy. Fa ankoatr'izany dia nandeha nitsidika ilay sefom-paritra izy ary nanomboka nitady fomba hanampiana azy sy ny fianakaviany, eny hatramin'ny niasa ny tanimbariny mihitsy aza. Nanao zavatra tsara be dia be ho an'ity sefom-paritra ity sy ny fianakaviany i Tom ka tsikaritry ny mponina teo an-tanàna.

"Lehilahy masiaka loatra io lehibenay io!" Hoy ny olona iray tamin'i Tom indray andro. "Nahoana ianao no tena tsara fanahy aminy? Tsy misy olona afaka ny hisakaiza amin'io lehibenay io mihitsy!"

"Satria tiako i Jesosy ary te hizara ny fitiavany amin'ny hafa aho" hoy i Tom.

Fotoana fohy taorian'izay, nisy olona sasany tamin'io tanàna io nanontany an'i Tom raha afaka hampianatra azy ireo bebe kokoa momba an'i Jesosy izy. Tsy ela i Tom dia nanomboka fampianarana Baiboly niaraka tamin'ny mponina maro, ary nisy aza natao batisa. Ny fahagagana mahatalanjona dia tao amin'ny faritra izay niezahan'i Tom hidirana teo aloha mba hizara ny filazantsara io tanàna io. Saingy tsy nahomby hatrany ny ezaka nataony. Ankehitriny, noho ny hatsaram-panahiny tamin'ny lehiben'ny faritra dia nandrava ny sakana Andriamanitra.

Eritrereto fotsiny ange - raha toa ka nanao ny fihetsiky ny ankamaroan'ny olona i Tom tamin'ilay lozam-pifamoivoizana, dia tsy ho afaka nanatratra ity tanàna ity ho an'i Kristy mihitsy izy. Azonao an-tsaina ve ny mety ho fahasamihafan'ny toe-javatra eo amin'ny tontolo misy antsika ary na dia ao am-pianganantsika aza ankehitriny, raha nandeha an-kilaometatra fanampiny isika ary nifanompo tamim-panetrentena tsy misy fitiavan-tena, na dia isika aza no nasian-dratsy?

#### (SARY 10 – teny notsongaina)

Izao no vakiantsika ao amin'ny *Tanamasoandron'ny Fahasalamana*, p. 407:

“Tsy tokony havelantsikaho sosotra amin'ny ratsy tena misy na nohevitreverina natao tamintsika ny saintsika. Ny tenantsika no fahavaloo tokony hatahorantsika indrindra ... Tsy misy fandresena mety ho azontsika raisina ho sarobidy toy ny fandresena ny tenantsika. Tsy tokony havelantsika ny fihetseham-pontsika ho voaratra mora foana. Tokony ho velona isika, tsy hiaro ny fihetseham-pontsika na ny lazantsika, fa mba hamonjy fanahy.”

#### (SARY 11 – teny notsongaina)

Tsarovy,

“Afaka manao zavatra be lavitra ao anatin'ny ora iray ny Tompo noho ny zavatra vitantsika mandritra ny androm-piaianantsika manontolo; ary rehefa hitany fa manokana tanteraka ny tenany ny olony, dia aoka aho hilaza aminareo fa hisy asa lehibe ho vita ao anatin'ny fotoana fohy, ary ny hafatry ny fahamarinana dia ho entina any amin'ny toerana maizina eto ambonin'ny tany, izay tsy mbola nitoriana izany.” - *5<sup>th</sup> Manuscript Releases*, p. 347.3

(SARY 12 – zazakely)

## Fiainana tsara sy mendrika eo amin'ny tontolo tsy mendrika

Araka ny voalazan'ny Soratra Masina, ny tsirairay avy amintsika dia nomena iraka, natokana ary nomena fahefana ho amin'ny tanjona masina - hizara ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny tontolo efa ho faty. Mba hanaovana izany dia tsy maintsy feno ny Fanahy Masina isika ary miaina fiainana na anatiny na ivelany, izany hoe tsara, mendrika ary mifanaraka amin'ny antso masina ananantsika. Tsy maninona izay fomba itondrana na iheverana antsika. Tsy maninona izay hery miasa mangina manodidina antsika. Nantsoina mba ho mahatoky isika, "mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka eo amin'ny firenena meloka sy maditra, izay isehoanareo tahaka ny fanazavana eo amin'izao tontolo izao" (Fil. 2:15).

(SARY 13 – teny notsongaina)

"Voninahitr'Andriamanitra ny manome ny toetrary (ny fahatsarany) amin'ireo zanany," hoy ny nosoratan'i Ellen White – *Vavolombelona Mahery*, p.466

Toy inona marina moa izany fiainana tsara sy mendrika izany? Tahaka an'i Jesosy! Jesosy no vokatry ny Fanahy azo tsapain-tànanana!

Izao no vakintsika ao amin'ny Galatianina 5:22, 23 fa "ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po."

Hitanareo fa raha ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao anatintsika, dia hisy vokatry ny Fanahy Masina hivoaka avy ao amintsika. Tsy vokatra iray fotsiny fa *ny vokatra rehetra!*

Nasehon'i Jesosy tamin'ny ohatra nomeny ny fomba hiainana sy hitiavana amimpahamendrehana ao amin'ny tontolo tsy mendrika.

(SLIDE 14 – teny notsongaina)

Izao no nosoratan'i Ellen G. White,

"Nasehon'ny fiainan'i Kristy izay azon'ny olombelona atao raha miray amin'ny toetran' Andriamanitra izy. Izay rehetra noraisin'i Kristy tamin'Andriamanitra dia mety ho azontsika koa. Amin'ny finoana feno faharetana nananan'i Jakoba, sy amin'ny fikirizana tsy mety sasatra tao amin'i Elia, takio ho anao izay rehetra nampanantenain' Andriamanitra " (Henoinareo ny Fanoharana, 122)

Izany no tokony ho vavaka ataontsika isan'andro! Rehefa nanolotra zavatra betsaka Andriamanitra, nahoana isika no mijanona amin'ny kely kokoa?

Tadidio fa izy ity dia tsy ady ho an'ny herin'ny sitrapo matanjakaindrindra na fifehezan-tena bebe kokoa. Fa tena adin'ny fo mihitsy izany. Tamin'iza no nanolorantsika ny fontsika?

(SARY 15 – fo)

Mampalahelo fa izao tontolo izao dia nampianatra antsika fa ny fiainantsika dia tsy inona fa fitadiavana ny laharana lehibe voalohany - izaho, ny tenako! Na inona na inona afaka hahatonga ahy ho feno sy tanteraka ary sambatra dia mety amiko, hoy ny olona. Nefa araka ny Soratra Masina dia fisainana mampidi-doza izany!

Izay tian'ny fontsika dia tsy fisainana marina na tsara mandrakariva. "Ny fo dia mamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra sady manana aretina tsy azo sitranina; iza moa no mahafantatra ny aminy? ", hoy ny antsoantson'i Jeremia (17: 9). Tsy mahita fiarovana azo antoka velively isika rehefa mijery ny tenantsika sy manaraka ny fontsika!

Mila mivavaka hatrany isika manao hoe: "*Tompo ô, raiso ny foko! Ovay ny foko! Amboary aho ho tahaka Anao.* "

#### (SARY 16 - hazo fijaliana)

"Amin'ny ady rehetra efa nataon'olombelona [na hataony] dia ny ady amin'ny tena no ady lehibe indrindra. Ny fanolorana ny tena, izany hoe: fanolorana izay rehetra ananana ho tapahin'ny sitrapon'Andriamanitra, dia mitaky fitolomana fatratra; tena ilaina anefa izany amin'ny fanavaozana sy ny fanamasinana antsika." – *Ny Dia ho eo amin'i Kristy*, p.52

#### (SARY 17 – andinin-tSoratra Masina)

### **Ny Antso Hitondrantsika ny Hazofijaliantsika**

Ao amin'ny Lioka 9:23, 24 dia milaza amintsika ny Baiboly manao hoe:

"Raha misy te-hanaraka ahy, aoka izy handà ny tenany dia hitondra ny hazo fijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza no te hamonjy ny ainy dia hahavery izany; fa na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko, dia izy no hamonjy izany."

Raha vao jerena ity raharaha fitondrana ny hazo fijaliana ity dia toa tsy mahasarika loatra. Kanefa, mifanohitra amin'ny fisainan'ny besimaro, ny zava-misy mamy dia rehefa mandray ny hazofijaliana isika dia manetsika ny tangan'Andriamanitra hanaisotra ireo sakana eo amin'ny fiainantsika izay manakana antsika amin'ny diantsika ho any an-danitra. Koa noho izany, izay heverin'izao tontolo izao fa sorona/fandavan-tena maharary dia tombon-tsoa azontsika avy any an-danitra.

#### (SARY18 - teny notsongaina)

"Na oviana na oviana isika dia tsy antsoina hanao tena fahafoizan-tena marina ho an' Andriamanitra. Betsaka ny zavatra angatahiny mba hapetraka eo Aminy, nefo raha manao izany isika dia tsy inona akory ny ataantsika fa mandao izay manakana antsika ho eo amin'ny lalana mankany an-danitra. Na dia rehefa asaina mahafoy ny zavatra tsara indrindra aza isika, dia azontsika antoka fa miasa ho antsika hahazoantsika ny

tsara sy ambony kokoa Andriamanitra amin'izany." – Tanamasoandron'ny Fahasalamana, p. 397

Angamba miady amin'ny fahotana miafina ianao na geja mafy ara-panahy eo amin'ny fiainanao ka toa tsy afaka hahazo fandresena amin'izany ianao. Nisy olon-kendry nilaza hoe: "Ny fanalahidy dia tsy hoe manao ahoana ny fahavononanao amin'ny ady - fa kosa manao ahoana ny fanoloranao ny tenanao amin'Andriamanitra."

#### (SARY 19 - saina fotsy)

Aoka ho tsarovantsika fa ho an'ny mpino ny fanofahofana ny saina fotsin'ny fileferana dia tsy midika hoe: "Resy aho amin'ity ady ity!" Raha ny marina, izany dia midika hoe, "Fandresena ao amin'i Jesosy nony farany!"

Rehefa manome ny tenantsika ho an'i Jesosy isika ary mitondra ny hazo fijaliany, dia misy zava-mahagaga mitranga. Raha tokony ho enta-mavesatra ny hazo fijaliana, dia mahita isika fa "rehefa asandrantsika io hazo fijaliana io ... [ny hazo fijaliana amin'ny maha-izy azy] dia manandratra antsika." – *Testimonies, vol. 8, p. 45.* Tsy maintsy mametraka eo amin'i Jesosy ny hery ananantsika isika ary mamela ny heriny hitondra ny enta-mavesatry ny hazo fijaliana. Ny herintsika manokana dia tsy fahafaha-manoatra sy fahatorotoroana/fahapotehana. Amin'ny fotoana ametrahantsika ny fahavoazantsika amin'i Jesosy dia omeny fandresena isika.

#### (SARY 20 - teny notsongaina)

"Rehefa manolo-tena tanteraka amin'Andriamanitra ianao, rehefa mianjera eo amin'i Jesosy ka torotoro, dia hahazo fandresena ho valisoa, dia fifaliana izay tsy mbola tsapanao akory hatramin'izay." – *Gospel Workers, p. 373*

Ellen White dia nandoko sary nataony hoe: "Rehefa mianjera eo amin'i Jesosy ka torotoro ianao ..." Rehefa mianjera eo amin'i Jesosy isika, inona no dikan'ny fahatorotoroana?

#### (SARY 21 - Vovoka tsy misy vidiny)

### Vovoka tsy misy vidiny

Ny fahatorotoroana no fanatitra tsara indrindra sy sorona masina azontsika omena an' Andriamanitra. Eny tokoa, io ihany no hany sorona tokony homentsika. Milaza amintsika ny Baiboly fa "Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro, ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy hataonao tsinontsinona "(Salamo 51:17)

Ny dikan'ny teny hoe "mangorakoraka" ao amin'ny Salamo 51:17 dia avy amin'ny teny hebreo hoe *dâkâh*, izay midika hoe: *manapotipotika, manapatapaka, mamaky, manorotoro ho vovoka, mandrava tanteraka*.

Saintsaino izany! Raha misy zavatra tapaka fotsiny, dia azonao atao ny mamekata azy amin'ny dity indray, fa tsy afaka hanambatra vovoka amin'ny dity indray ianao. Ary izany no zava-misy momba antsika : fitaovana vaky ... lasa vovoka !

"Fa tombontsoa manao ahoana re!" Hoy ny nosoratan'i Ellen White, "zava-manan'aina voafetra, vovoka sy lavenona, ekena amin'ny alalàn'i Kristy ho ao amin'ny efitrano fandraisan'ny Avo Indrindra." - *Child Guidance*, p. 468

Ary tsara ny mieritreritra fa tsy hoe mihaona sy mifampiresaka amin'Andriamanitra fotsiny isika, fa vovoka mihitsy no singa ampiasain'Andriamanitra hatrany hatrany mba hanaovany ny fahagagana mahatalanjona indrindra.

Tamin'ny voalohany, Andriamanitra dia namboly ny hazo sy ny zavamaniry tao amin'ny Sahan'i Edena teo amin'ny vovoka ary nahatonga azy ireo hamboly sy hamokatra voankazo (Genesisy 1:11). Avy eo Andriamanitra dia namorona ny lehilahy sy ny vehivavy, sangan' asan'ny famoronana, avy tamin'ny vovoka ary nandidy azy ireo hahavokatra, mba ho maro fara (Genesisy 2: 7; 1:28).

Miatoa kely iray segondra eto. Moa ve isika manaiky fa ny vokatra tsara indrindra sy ny asa tsara indrindra ataantsika, ny asa tsara indrindra rehetra ataantsika, ankoatry ny fofon'aina, ny ran'i Jesosy, ary ny herin'ny Fanahy Masina, dia tsy inona fa vovoka? Ary amin'izany, matetika dia mirehareha loatra isika ka mankalaza ny tenantsika ao *anatin' ny vovoka!*

Soa ihany fa na dia taorian'ny nilatsahan'ny ozon'ny fahotana teto amin'izao tontolo izao dia mbola niahny ny vovoka i Jesosy. Niverina teto an-tany izy hanohy ny asany eo anivon'ny vovoky ny zanak'olombelona (1 Samoela 2: 8). Raha nampiasa vovoka (fotaka) Izy mba hamerenany ny fahitan'ny mason'ilay jamba (Jaona 9: 5-6), dia ny vovoka sy ny fahapotehana/fahatorotoroan'ny fiainana no ampiasainy matetika ankehitriny mba hamerenana indray ny fahitantsika ara-panahy. Hainy ny mampifangaro rano amin'ny vovoka mba hanaovany fotaka/feta. Ary amin'ny maha feta azo volavolaina (tanimanga) antsika eo an-tan'an'ny Mpanefy Lehibe dia ho tonga araka izay nokendreny hamoronana antsika isika (Jeremia 18: 6).

#### (SARY 22 – teny notsongaina)

Araka ny nosoratan'ny mpanoratra iray manao hoe: "Tsy voatery hanondro ny farany ny vovoka. Ny vovoka matetika no zavatra tokony hisy mba hahazoan'ny vaovao [fiainana] hanomboka" - Lysa Terkeurst, *It's Not Supposed to Be This Way*, p. 18. -

Eny, afaka ho tonga tsara tarehy ny vovoka raha eo am-pelatanan'ilay Andriamanitra be fitiavana. Ary ny vovoka manolo-tena/mitolo-batana dia tsy misy vidiny! Raha ny marina dia lazaina amintsika hoe:

"Tsy misy zavatra atahoran'i satana mafy tahaka ny hanadiovan'ny vahoakan' Andriamanitra ny lèlana amin'ny fanesoran'izy ireo ny sakantsakana rehetra, mba hahafahan'ny Tompo mandrotsaka ny Fanahiny amin'ny fiangonana efa valalanina .... Ho avy ny ranonorana farany, ary hameno ny fanahy rehetra izay voadio ho afaka tamin'ny fahalotoana rehetra nyfitahian' Andriamanitra." – *Any Am-parany Any*, 192-193

Efa nanolotra ny vovokao tamin'i Jesosy ve ianao? Efa nanolotra ny tsy fahombiazanao, ny fahotanao ary ny faritra torotoro eo aminao tamin'i Jesosy ve ianao? Raha hatolotsika Azy avokoa izany, dia afaka manao fahagagana amin'ny vovoka izy.

(SARY 23 - Jesosy: Omeo Ahy ny Vovokao)

## Antso

Ankehitriny, ry namako rehetra, Jesosy dia manatsotra ny tànany feno holatry ny fantsika ary miteny hoe: "Omeo Ahy ny vovokao." Fiangaviana mahafinaritra manao ahoana re! Andeha isika hanome Azy ny vovoka eo amintsika — ny vovoky ny tena fahatorotoroana avy amin'ny fo tena mila fanampiana, dia ny fo manao hoe: "Eny, Tompo! Mila fiarohana mandeha lalindalina kokoa Amino aho. Te-hovana ho tahaka ny endrikao aho, mba hahafahako mitia ny hafa amin'ny fitiavana mitovy amin'izay nomenao ahy. Te ho kristiana tsara sy mendrika araka izay niantsoanao ahy aho. Nefa ny hany azoko atolotra anao dia zavatra tapaka sy torotoro. Koa omeko anao ny tsy fahombiazako, ny fanaintainako/alaheloko, ny fangirifirian'ny foko ary ny ranomasoko. Na ny ezaka tsara indrindra ataoko aza dia vovoka ihany, fa vonona aho ny hanome Anao ny vovoka rehetra eto amiko sy ho tonga tanimanga eny an-tànan'ny Mpanefy Lehibe. Afaka mahazo ny sezà fiandrianan'ny foko Hianao, Tompo o! Na inona na inona lazainao dia Anao aho. "

Raha fanirianao izany vavaka izany androany, dia tianao ve ny hiara-hitsangana amiko hanao ny vavaka farany?

— Faran'ny toriteny Sabata —

**Filazana:** Miaraha aminay anio tolakandro amin'ny atrikasa manentana manao hoe: "Ny Fo Izay Tian'Andriamanitra hitoerana".

## Fandaharana Sekoly Sabata

### Mamoha ny Trano Fitehirizan-kerin'ny Lanitra

[Ireo Fanalahidy Roa Ambin'ny Folon'ny Baiboly

Nosoratan'i Melody Mason

#### Soso-kevitra momba ny fandaharana

Hira fanokafana: 310 - "Manakaiky kokoa an'i Jesosy," Hymnes et Louanges Adventistes

Vavaka fanokafana

Fiarahabana

Fanolorana

Feon-kira manokana

Andalan-tSoratra Masina: Jakoba 5:16

"Koa mifaneke heloka hianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana hianareo. Ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra. "

Fandaharana: " Mamoha ny Trano Fitehirizan-kerin'ny Lanitra "

Fijoroana vavolombelona momba ny vavaka voavaly: *tsy voatery atao*

Hira famaranana: 195 - "Ranonoran'ny Fitahiana", Hymnes et Louanges Adventistes

Vavaka farany

#### ***Ny Andro Iraisam-pirenena ho Fiara-ha-mivavaky ny Vehivavy***

Tamin'ny taona 1990, ny Departemantan'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy tao amin'ny Foibe Manieran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia nanorina ***Ny Andro Iraisam-pirenena ho Fiara-ha-mivavaky ny Vehivavy.*** Izany dia andro manokana izay atao amin'ny Sabata voalohany amin'ny volana Martsa izay iraisan'ny vehivavy manerana an'izao tontolo izao hiarahana mivavaka.

#### ***Fandaharana Sekoly Sabata***

Afohezina na halavaina miaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona fanampiny, raha ilaina!

## Mamoha ny Trano Fitehirizan-kerin'ny Lanitra

[Ireo Fanalahidy Roa Ambin'ny Folon'ny Baiboly

Nosoratan'i Melody Mason

Moa ve ianao mahatsapa fa mivavaka, mivavaka ary mivavaka nefà mbola tsy misy valiny tonga? Raha ny tena izy, arakaraka ny ivavahanao no toa vao mainka miharatsy kokoa ny fandehan-javatra. [Mizàrà tantara na fanoharana manokana!]

Toy ny itiavan'Andriamanitra antsika ary aniriany hamaly ny vavaka ataantsika, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahantsika na eritreretintsika aza, dia misy fepetra tsy maintsy tanterahantsika mba hahazoana ny fitahany feno.

Izao no vakintsika ao amin'ny boky *Henoinareo ny Famoharana*, p.116

“Misy fepetra ny fanatanerahana ireo teny fikasan'Andriamanitra, ary na oviana na oviana tsy afaka handray ny toeran'ny adidy ny fivavahana... .Ireo izay mitondra ny fangatahany amin' Andriamanitra sy mitaky ny teny fikasany nefà tsy mameno ny fepetra, dia manevateva an'i Jehovah. Raisiny ny anaran'i Kristy ho fahefana hanatanerahana ny teny fikasana, nefà tsy ataony ireo zavatra izay hampiseho ny finoany an'i Kristy sy ny fitiavany Azy.”

Inona no fepetra napetrak'Andriamanitra? “Nohazavainy tsara fa ny fangatahantsika dia tokony ho araka ny sitrapon' Andriamanitra; tsy maintsy mangataka ny amin'ireo zavatra nampanantenainy isika, ary izay rehetra raisintsika dia tokony hampiasaina amin'ny fanaovana ny sitrapony. Rehefa feno ny fepetra, ny fampanantenana [ny amin'ny valimbavaka] dia tsy mampisalasala » (*Prayer*, p. 105).

Rehefa mamaky ny Baiboly isika dia mahita avy hatrany modely tsy miovaova. Andriamanitra dia manara-maso ny fanahy (olona). Mitandro ny voninahitry ny anarany Izy. Manataneraka ny fananganana sy fanorenana ny fanjakany Izy. Izy dia fitiavana. Izao no fanehoana voajanahary ny sitrapony. Rehefa mivavaka araka ny sitrapony sy ho an'ny voninahiny isika — mba ho tafaorina ny Fanjakany - dia afaka mivavaka amim-pahasahiana sy am-pahatokiana isika, na eo anatrehan'ny tsy fahafaha-manaon'ny olombelona aza, satria i Jaona dia mampirisika antsika manao hoe, “ Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy ” (1 Jaona 5:14).

## Ny Fanalahidy Hamohana ny Trano Fitehirizan'ny Lanitra

Ny **FOMBA** fivavahantsika no fanalahidy hamohana ny trano fitehirizan'ny lanitra. Ireto misy fanalahidy roa ambin'ny folo ny amin'ny fomba tokony hanehoantsika ny vavaka ataantsika. Mivavaha ny amin'ny filàna tena izy, amin'ny fahatsoram-po, araka ny sitrapon' Andriamanitra, araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina, amin'ny finoana, amin'ny fankatoavana sy ny fibebahana, miaraka amin'ny famelan-keloka, amim-boninahitry, amin'ny fitantanam-

pananana mahatoky, amin'ny fahalalahana-tanana, amin'ny fahalalana ny Mpanome, ary amin'ny fikirizana tsy mety sasatra. Andeha ho jerentsika tsirairay ireo fanalahidy roa ambin'ny folo ireo.

### **Fanalahidy 1: ARAKA NY TENA FILANA MARINA.**

Tsy maintsy mivavaka araka ny tena filàna marina isika. Moa ve ianao mahatsapa ny filànao an'Andriamanitra sy ny fanampiana izay Izy ihany no afaka hanome azy?

Misy fepetra sasantsasany izay ahafahantsika manantena fa hihaino sy hamaly ny vavaka ataontsika Andriamanitra. Ny iray amin'ireo voalohany amin'izany dia ny fahatsapantsika ny ilantsika fanampiana avy Aminy. Nampanantena izy fa "handatsaka rano amin'izay mangetaheta Aho ary riaka amin'izay tany karankaina." Isaia 44: 3. Ireo noana sy mangetaheta ny fahamarinana, izay maniry mafy an'Andriamanitra, dia afaka matoky fa ho vokisana. – *Prayer, p. 101*

Andriamanitra dia tsy mandany fotoana hiezaka hamoky ny olona efa vokin'ny tena samirery. Mitady fitaovana tsy misy na inona na inona Izy.

### **Fanalahidy 2: AMIM-PAHATSORAM-PO.**

Tsy maintsy ho tso-po isika amin'ny vavaka. Manambara toy izao Ellen White,

"Re any an-danitra ny fivavahana rehetra atao amin'ny fo. Mety tsy hikoriana ny filazana izany; nefo raha ao ny fo, dia hiakatra ho eo amin'ny fitoerana masina izay anaovan'i Jesosy fisoronana izany, ka asehony eo amin'ny Ray amin'ny teny tsy miambakavaka, tsy miakanakana, amin'ny teny kanto sy mameroveron'ny hanitry ny fahatanterahan'ny tenany". – *Ilay Fitiavana Mandresy, p.719*

Tsy misy teny miambakavaka na miakanakana! Tsy mahafinaritra ve izany?

### **Fanalahidy 3: ARAKA NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA.**

Tsy maintsy mivavaka araka ny sitrapon'Andriamanitra isika. "Ahoana no ahafantarako ny sitrapon'Andriamanitra?" Hoy ianao manontany. Mba hahatakarana marina ny sitrapon' Andriamanitra, dia mila mahalala ny Tenin'Andriamanitra isika. Raha fantatsika ny Teny dia hanana sary mazava kokoa momba ny sitrapony isika.

"Izay rehetra mifanaraka amin'ny toetrary dia mifanaraka amin'ny sitrapony. Tsy mila manontany tena isika raha te hanome antsika fanafahana amin'ny ota Izy, fahefana amin'ny fahavalao, fiadanana tonga lafatra, fifaliana safononoka, hery ho an'ny asa fanompoana, fanambadiana salama ary fahafahana hamokatra ho an'ny Fanjakany. Ireny dia zavatra lazainy mazava tsara ao amin'ny Soratra Masina fa mahafaly Azy ny manome izany" - . Leslie Ludy, *Wrestling Prayer, p. 179*

Rehefa fantatsika fa mifanaraka amin'ny asa fitoriana ny Fanjakana ny vavaka ataontsika, dia afaka mivavaka amim-pahasahiana isika. Raha tsy azontsika antoka hoe inona ny sitrapon'Andriamanitra, dia afaka mivavaka amim-pahasahiana isika mangataka fahendrena - Jakoba 1: 5.

#### **Fanalahidy 4: TARIHIN'NY FANAHY MASINA.**

Tokony hivavaka araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina isika. Indraindray ny antom-bavaka ataontsika dia tsy programan'Andriamanitra mandrakariva akory. Rehefa mivavaka isika, aoka tsy hitanisa fotsiny ny lisitry ny fanirantsika, fa mila manontany an Andriamanitra hoe inona no tiany hivavahantsika raha mitrandraka lalindalina kokoa ny Tenin'Andriamanitra isika.

Mampirisika antsika ny Tompo manao hoe: "Antsoy Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatralo" (Jeremia 33: 3).

Manambara Ellen White fa: "Raha manatona an'Andriamanitra isika, dia hanatona antsika Izy, ary ny voninahiny dia handeha eo alohantsika. Raiketiny ny fangatahana ataontsika, mampianatra antsika hangataka ireo zavatra izay nianianany tamin'ny tenany fa hatolony antsika Izy." - *General Conference Bulletin, April 2, 1903, art. A, par. 6, "How to Receive God's Blessing"*

#### **Fanalahidy 5: AMIN'NY FINOANA.**

Tsy maintsy mivavaka amin'ny finoana isika. Moa ve isika mandray an'Andriamanitra amin'ny teniny amin'ny finoana? Mampitandrina ny Jakoba 1: 6 manao hoe: "Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahanahana; fa izay miahahanahana dia toy ny alondranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany."

Ao amin'ny boky *Ny Dia ho eo amin'i Kristy*, p.111 dia izao no vakantsika, "Ny fivavahana no fanalahidy eo an-tanan'ny finoana hamohana ny trano fitehirizan'ny lanitra, izay iraiketana ny haren'ny Tsitoha tsy hita lany."

#### **Fanalahidy 6: AMIN'NY FANKATOAVANA SY NY FIBEBAHANA.**

Tsy maintsy mivavaka avy amin'ny fomba fiainana feno fankatoavana sy fibebahana isika. Midika izany fa rehefa mangataka amin'Andriamanitra isika mba hamaly ny vavaka ataontsika, dia mikatsaka ny hankatò Azy araka izay tratry ny fahaizantsika ihany koa isika, ary hanaisotra izay ota fantatra — tsy hoe mahatonga antsika ho mendrika ny fitahiany ny fankatoavantsika, fa ny fankatoavantsika no porofon'ny fitiavantsika Azy

Ny mpanao salamo dia manoratra ao amin'ny Salamo 66:18 manao hoe: "Raha nankasitraka ota tao am-poko aho, dia tsy mba hihaino ny Tompo."

Izany no antony ampahatsiahivina antsika hoe: "Raha fankatoavana tapatapany tsy araka ny fontsika manontolo no atolotsika Azy dia tsy ho tanteraka ho antsika ireo teny fikasany" – *Tanamasoandron'ny Fahasalamana*, p. 184

Rehefa nantsoina ho mpanjaka voalohany teo amin'ny Isirael i Saoly, dia nanana fanahy manetry tena mora nampianarina. Izy dia nilefitra sy mora namboarina toy ny mpanompon' Andriamanitra ary nanao izay rehetra nangatahin'Andriamanitra hataony. Vokatr'izany dia

nitahy azy Andriamanitra. Kanefa rehefa nahazo laza sy traikefa izy, dia nitombo ny avonavony. Nanomboka nanapa-kevitra samirery izy ary nanao izay tiany.

Rehefa nasain Andriamanitra nandringana ny Amalekita i Saoly, dia nisafidy ny fankatoavana araka izay tiany izy. Nisafidy ny hamono ny sasany izy, fa namela ny hafa kosa ho velona, ary nanamarina ny fialan-tsininy tamin'ny antony masina toa mitombina. Ny zavatra manaraka rentsika momba an'i Saoly dia rehefa nila ny torohevitr'Andriamanitra momba ny ady amin'ny Filistinina izy. Fa Andriamanitra efa nitsahatra tsy namaly ny vavak'i Saoly noho ny tsy fankatoavany sy ny fialan-tsininy. Rehefa tsy nanana na iza na iza intsony nitodihana i Saoly dia lasa nanontany mpisikidy. Indrisy anefa fa nandresy ny Isiraely tamin'ny ady ny Filistinina. Tsy vitan'ny hoe namoy ny fanjakany sy ny fiainany ihany i Saoly, fa very koa ny fanahiny (jereo ny 1 Samoela 28: 15-28; 31: 1-13).

Tsy misy vokany ny vavaka raha tsy mifanaraka amin'ny vavaka ny fiainana. Mampitandrina antsika i Ellen White manao hoe: "Tsy maintsy miaina mifanaraka amin'ny vavaka ataantsika isika." – *Child Guidance*, p.499. Tsy mahagaga raha hery kely no hita amin'ny vavaka ankehitriny! Niezaka niaina fitsipika roa sosona isika. Niezaka isika sady hiaina ao anatin'ny ota no hanana an'Andriamanitra koa. Mila mitalaho mafy amin'Andriamanitra isika mba hanova ny fontsika sy hamonjy antsika!

### **Fanalahidy 7: MIARAKA AMIN'NY FAMELAN-KELOKA**

Tsy maintsy mivavaka amin'ny fo feno famelan-keloka isika. Manoro hevitra antsika i Jesosy manao hoe:

"Ary raha mitsangana mivavaka ianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamele. ny helony, mba havelan'ny Rainao any an-danitra kosa ny helokareo" (Marka 11:25).

Nefa tsy mijanona eo izany. Nanambara tao amin'ny Toriteny teo an-tendrombohitra Jesosy nanao hoe:

"Ary amin'izany raha mitondra ny fanatitrapo ho eo amin'ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao; dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrapo, ka mandehana aloha, ataovy izay ihavananao amin'ny rahalahinao, dia vao atero ny fanatitrapo" (Matio 5: 23,24).

Manazava bebe kokoa ny amin'izany ny asa soratra azo tamin'ny tsindrimandry:

"Raha tonga hangataka famindram-po sy fitahiana amin'Andriamanitra isika dia tokony banana toe-panahy tia sy mamela ao am-pontsika ... Raha manantena ny fivavahantsika ho valiana isika dia tsy maintsy mamela ny heloky ny olona, araka ny toetra sy araka ny habetsahan'ny fanantenantsika hamelana ny helotsika." – *Ny Dia ho eo amin'i Kristy*, 114

### **Fanalahidy 8: AMIN'NY FANAJANA**

Tsy maintsy mivavaka avy amin'ny fomba fiainana manaja ny fianakavantsika isika. Hoy ny 1 Petera 3: 7 hoe:

"Hianareo lehilahy, miaraha mitoetra aminy araka ny marina, manaja ny vavy, tahaka ny mety hatao amin'ny fanaka malemilemy kokoa sady mpiara-mandova ny fahasoavan'ny fiainana - mba tsy ho voasakana ny fivavahanareo."

Moa ve tsy mahagaga raha ny fomba itiavantsika (na tsy itiavantsika) ny ankohonantsika no mety manakana ny vavaka ataontsika ?

### **Fanalahidy 9: AVY AMIN'NY FITANTANANA TSARA.**

Tsy maintsy mivavaka avy amin'ny fomba fiainan'ny fitantanana tsara isika. Fantatrao ve fa misy fiantraikany amin'ny vavaka ataontsika ny fihetsika asehontsika amin'ny maha- "mpitantana" ny fananan'Andriamanitra antsika?

« Andriamanitra dia mitaky ampahany amin'izay rehetra ananantsika amin'ny maha-mpanome Azy ny fitahiana rehetra. Io no tahiry ampiasainy enti-manohana ny fitoriana ny filazantsara. Ary ny famerenantsika izany amin'Andriamanitra no anehoantsika fa mankasitraka ny fanomezany isika. Nefa raha tazonintsika tsy ho Azy izay Azy manokana, ataontsika ahoana no fitaky ny fitahiany? . . . ataontsika ahoana no fanantena fa hapetrany amintsika ny zavatry ny lanitra? Mety ho io no tsiambaratelon'ny fivavahana tsy mivaly. » - *Henoinareo ny Fanoharana*, p. 117

Nandefy ity hafatra ity tamin'ny alàlan'i Malakia ny Tompo:

“Handroba an'Andriamanitra va ny olona?  
No mandromba Ahy ianareo!  
Nefa hoy ianareo: 'Amin'ny inona no andrombanay Anao?'  
Amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra.  
Voaozona amin'ny ozona ianareo  
Nefa Izaho no robainareoo,  
Dia izao ianareo iray firenena izao  
Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako  
Mba hasian-kanina ao an-tranoko,  
Ary izahao toetra amin'izany Aho, ”  
Hoy Jehovah, Tompon'ny maro,  
“Raha tsy hovohako ny varavararan'ny lanitra ho anareo  
Ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo”  
(Malakia 3: 8-10).

### **Fanalahidy 10: AMIN'NY FAHALALAHAN-TANANA.**

Tsy maintsy mivavaka avy amin'ny fomba fiainana feno fahalalahantana ho an'ireo mila fanampiana isika. Ny fitantanana tsara dia mihoatra noho ny famerenana fotsiny ny fahafolonkarena. Izany dia fanatrarana sy fanampiana ireo sahirana ihany koa. "Koa izay mahalala hanao soa, nefy tsy manao, dia heloka ho azy izany" (Jakoba 4:17).

Eto isika dia mahita fa misy fitsipika fototra iray hafa amin'ny fahazoana valim-bavaka . Ampitandremana isika manao hoe: "Izay manentsi-tadiny amin'ny fitarainan'ny malahelo dia mba hitaraina kosa izy fa tsy hohenoina" (Ohabolana 21:13).

## **Fanalahidy 11: MAHAFANTATRA NY MPANOME.**

Tsy maintsy mivavaka isika mba hahalala ny Mpanome. I Jesosy mihitsy no nivavaka tamin'ny Ray hoe: "Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy izay nirahanaao" (Jaona 17: 3)

Ny hany fototra sy ny tanjon'ny fivavahantsika dia ny hahafantatra ny Mpanome. Andriamanitra akory tsy hoe mpanao majika any an-danitra, ka miandry fotsiny hanatanteraka ny lisitry ny fiantsenantsika isan'andro ary handatsaka fitahiana amintsika. Izy dia mitady ny fitiavantsika, ny fanolorantsika tena sy ny fiankohofantsika. Izany no antony anambarana ny Salamo 37: 4 hoe: "Miravoravao amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao."

## **Fanalahidy 12: AMIM-PAHARETANA.**

Ary farany, raha te handray valim-bavaka isika, dia tsy maintsy mivavaka amim-pikirizana sy faharetana. Tsy afaka mijanona isika rehefa reraka na rehefa toa tsy misy antenaina ny vavaka ataontsika, fa tsy maintsy mivavaka isika mandra-pahatakarantsika ny valiny. Mizara izao manaraka izao amintsika ny asa soratra azo tamin'ny tsindrimandry : "Ny faharetana amin'ny fivavahana koa no toetra anankiray ahazoana valiny." – *Ny Dia ho eo amin'I Kristy*, p. 115.

Izany no antony ampianaran'i Jesosy antsika hoe: "mangataha... mitadiava... mandondona..." (Matio 7: 7) ary mandondona hatrany! Izany no antony nahazoan'ilay mpitondratena valisoa tamin'ny fangatahany tamin'ilay mpitsara tsy marina ao amin'ny Lioka 18. Tsy nitsahatra nandondona izy ary naharitra; ary izany no karazana faharetana tadiavin' Andriamanitra amintsika - olona tsy miala (tsy mety kivy), fa manohy mandondona hatrany!

I Ellen White dia nanoratra tamim-pahendrena manao hoe: "Tsy misy atahorana ny amin'ny hoe hanaovan'ny Tompo an-tsirambina ireo fivavahana ataon'ny vahoakany. Ny atahorana dia sao ny fakam-panahy sy ny fitsapana hahakivy azy ireo ka ho diso tsy haharitra amin'ny fivavahana." – *Henoinareo ny Fanoharana*, p. 147

Andriamanitra akory tsy miezaka ny hanasarotra ny fivavahana ho antsika. Mitady olona fotsiny izay tena maniry hahita Azy izy, ka rehefa manao izany izy ireo dia hanaraka Azy amin'ny lèlana rehetra.

[Mizarà tantara momba ny valim-bavaka an'ny tena manokana]

Andeha isika hivavaka amin'ny fo lalindalina kokoa sy amin'ny fanoloran-tena misimisy kokoa anio. Andeha isika hitaky ireo ranonoran'ny fitahiana fa Andriamanitra dia miandry ny handatsaka izany amin'izay rehetra mandray Azy amin'ny Teniny! Andeha isika handohalika ary hivavaka marina tokoa!

— Faran'ny Fandaharana ho an'ny Sekoly Sabata —

## Seminera Tolakandro

### **Ny Fo Izay Tian'Andriamanitra Hitoerana**

[Ny Fahatsaran'ny Fahatorotoroana sy Ny Fanetren-Tena]

Nosoratan'i Melody Mason

#### **Soso-kevitra momba ny Fandaharana**

Teny ho vakiana: Isaia 57:15

“Fa izao no lazain’ny Iray avo sy manerinerina  
Izay monina mandrakizay, Masina ny anarany;  
'Ao amin'ny toerana avo sy masina no onenako,  
Ary ao amin’ny torotoro fo sy ny manetry tena,  
Hamelombelona ny fanahin’ny manetry tena,  
Sy hamelombelona ny fon'ny torotoro fo. ””

Vavaka

Feon-kira manokana (azo isafidianana)

Fanolorana ny seminera: "Ny Fo Izay Tian'Andriamanitra Hitoerana»

Vavaka Famaranana ny Fotoana: Vavaka amin'ny famakiana "Ny fahatsaran'ny fanetren-tena"

Famehezana sy Famintinana

Hira famaranana: 316, "Velomy ato anatiko ny fiainanao," Hymnes & Louanges Adventistes

Vavaka

## Atrik'asa Tolakandro

### Ny Fo Izay Tian'Andriamanitra Hitoerana

[Ny Fahatsaran'ny Fahapotehana/fahatorotoroana sy ny Fanetren-tena]

Nosoratan'i Melody Mason

Efa mba nieritreritra ve ianao nyamin'ny karazana fo tian'Andriamanitra hitoerana?

#### (SARY 1 → SARY 2)

Milaza amintsika ny Baiboly hoe:

“Fa izao no lazain'ny Iray avo sy manerinerina, Izay monina mandrakizay, Masina ny anarany: 'Ao amin'ny toerana avo sy masina no onenako, ary ao amin'ny torotoro fo sy ny manetry tena; hamelombelona ny fanahin'ny manetry tena, sy hamelombelona ny fon'ny torotoro fo. “ - (Isaia 57:15).

Rehefa mijery manerana ny Soratra Masina isika dia mahita fa hatrany hatrany Andriamanitra dia faly ny miara-mitoetra amin'ireo torotoro fo sy manetry tena. Moa ve izany midika fa tia ny mahita antsika mitomany Andriamanitra? Tsia! Ny antony dia satria ny olona torotoro fo sy manetry tena no mahatsapa fa mila Mpamony ary tsy feno fireharehana loatra izy ireo ka dia afaka mianatra.

Mampalahelo fa ny olona mirehareha dia manana olana amin'ny fanatonana an' Andriamanitra...

#### (SARY 3)

Araka ny nambaran'ny pasitora iray manao hoe: "Ny avonavona/fireharehana dia tsy mihaino fa efa mahalala."

#### (SARY 4)

Ny iray hafa nanoratra hoe: "Ny avonavona no hany aretina mahatonga ny rehetra harary afa-tsy izay manana izany!"

#### (SARY 5)

Mbola misy iray hafa milaza hoe: "Ny avonavona dia *monoxide de carbone* an'ny ota. Mamono anao mangina sy tsimoramora izy io nefo tsy fantatrao akory." – Tim Keller, on social media

#### (SARY 6)

Azoko antoka fa afaka mifandray amin'ireo fanambarana momba ny avonavona ireo ianao, ary angamba mieritreritra olona iray amin'ny fiainanao izay irinao mba ho nandre an'io hafatra

io. Saingy ity seminera ity dia tsy momba an'izay olon-kafa izay - ity seminera ity dia momba *ahy sy ianao!* Mila manontany tena isika hoe: "Moa misy fireharehana/avonavona ve ato am-poko izay mety hisakana ny fitahian'Andriamanitra?"

(SARY 7,8,9 – teny notsongaina lava)

Ity andalan-tsoratra avy amin'ny boky hoe *Ny Dia ho eo amin'i Kristy*, p.35 ity dia mametraka zavatra amin'ny fomba fijery tena izy ary manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny antony maha zava-dehibe izany olana izany eo amin'ny fiainan'ny mpino:

"Kanefa na inona na inona tsy fitoviana izay miseho eo antrehan'ny olona amin'ity fahotana ity, na amin'izany fahotana izany, dia tsy mba misy kely eo anatrehan'Andriamanitra tsy akory izy rehetra. Mitanila sy tsy tanteraka ny fitsaran'olombelona ; fa Andriamanitra kosa mandanja marina ny zavatra rehetra araka izay tena izy. Esaina fatratra ery ny mpidoroka, ka lazaina fa handroahana azy tsy ho any an-danitra ny fahotany ; nef a kosa mandrakariva dia **tsy mba misy mpiteny ny mpiavonavona, ny mpitia tena, ny mpitsiriritra zavatr'olona**, kanefa ireo dia fahotana izay maharikoriko an'Andriamanitra ; satria mifanohitra amin'ny hatsaran-toetrary sy amin'ny fitiavana misy fandavan-tena izay toy ny rivo iainan'ireo izao tontolo izao tsy mba lavo. Izay lavo amin'ny fahotana mivandravandra dia mety hanana fahatsiarovana amin'ny henatra mahazo azy sy ny fahantrany ary filàny ny fahasoavan'i Kristy ; fa ny mpiavonavona kosa dia tsy mahatsiaro izay ilainy, na inona na inona, ka dia vosakana tsy ho ao am-pony Kristy Izay tonga ho antsika rehetra ary voatampina ny fahasoavany tsy misy fetra tiandy homena "

(SARY 10 – teny notsongaina)

Tadidinao ve izay noresahintsika momba izany tamin'ny maraina? "Ny hany ahazoantsika ny famindrampony dia noho ny tena ilantsika Azy." – *Tanamasoandron'ny Fahasalamana*, p. 125. Noho izany, raha amim-panetren-tena isika no mahatsapa ny filantsika, dia manana fanantenana isika!

(SARY 11 - vehivavy any an-tany efitra)

Tsarovy fa raha mahatsapa ho tena difotra tanteraka ianao, mahatsapa ho toy ny hoe miaina any an-tany efitra feno vovoka ary tsy hainao ny fomba hivoahanao, amin'izay ianao no eo amin'ny toerana mety indrindra azon'Andriamanitra hiasana! Tia ny miasa amin'ny taolana maina Andriamanitra. Ary tiandy ny miasa amin'ny vovoka!

Hoy i Jesosy amintsika: "Tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota hibebaka" (Lio. 5:32). Rehefa mahatsapa isika fa mpanota dia afaka mahazo fampirisihana, satria afaka mahazo ny fanomezan'ny famonjena isika.

Nefa miverena amin'ny fanetren-tena! Raha miantso antsika Andriamanitra mba hamboly/hikolokolo fon'ny fanetren-tena, dia tahaka ny ahoana moa izany eo amin'ny fiainana andavan'andro?

(SARY 12 – tafo nesorina)

Ao amin'ny boky *Continuous Revival: The Secret to Victorious Living* (Ny Fifohazana Mitohy: Tsiambaratelon'ny Fiaianana Mandresy), ny mpanoratra Norman Grubb dia nanoratra izao manaraka izao:

Ny fifandraisana Kristiana rehetra dia misy *zotra roa, fa tsy tokana*. Izany hoe *marindrano sy mijidina* ... Tsy azontsika atao, ohatra, ny hilaza fa lasa olo-marina eo anatrehan'Andriamanitra isika amin'ny finoana an'i Kristy nefä mbola manohy ho tsy marina eo amin'ny olona. (p. 18, 19)

Mamelà ahy hilaza izany toy izao. Azontsika oharina amin'ny trano iray ny olona iray. Misy tafo sy rindrina. Toy izany koa ny olona eo amin'ny toetrary lavo (mpanota) dia misy tafo eo ambonin'ny fahotany, manelanelana azy sy Andriamanitra; ary manana rindrina koa izy eo anelanelan'izy sy ny namany. Saingy eo amin'ny famonjena, rehefa torotoro eo amin'ny hazo fijaliana, tsy ny tafo ihany no miala amin'ny finoana an'i Kristy, fa mirodana ihany koa ny rindrina, ary ny tena toetran'ny olona amin'ny maha-mpanota voavonjin'ny fahasoavana azy dia anaovana fiaikena eo anatrehan'ny olona rehetra.

Mampalahelo fa tsy ela dia manomboka ny olana aorian'ny fiovam-po - ary eto no misakana ny fifohazana mitohy. Ny fifohazana mitohy dia fahatorotoroana/fahapotehana mitohy; fa ny fahatorotoroana/fahapotehana dia misy zotra roa, ary izany dia midika fa tsy maintsy hajanona ny rindrina ary koa ny tafo. Saingy ny ota lalim-paka indrindra sy fetsy indrindra ataon'ny olombelona dia ny fahotana fetsin'ny avonavona: fanombanan-tena sy fanajan-tena. Na dia toa tsy tsapa aza izany, rehefa natao hihazona ny fanesorana ny tafo eo anelanelan'ny tenantsika sy Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny finoana aza isika, vetivety dia avelantsika hipoitra eo anelanelan'ny tenantsika sy ny rahalahintsika ny rindrin'ny fanajana. Tsy mampaninona antsika ny fahalalan'ny rahalahintsika ny fahombiazantsika eo amin'ny fiaianana Kristiana. Raha mahazo fanahy iray isika, raha mitarika kilasy, raha mahazo valimbavaka, raha mahazo hevitra tsara avy ao amin'ny Soratra Masina - dia tsy mampaninona antsika raha mandre momba izany zavatra izany izy ireo, satria mahazo fiderana kely ihany isika noho izy ireo.... .

Raha toa ka tsy maintsy hifampiraharaha amintsika Andriamanitra momba ny tsy faharetantsika na ny toe-pontsika ao an-tokantrano, momba ny tsy fahatokiana eo amin'ny raharahantsika, momba ny fangatsiahantsika na ny fahotana hafa, dia tsy hijoro vavolombelona mora foana na oviana na oviana amin'ny rahalahintsika isika ny amin'ny fifampiraharaha mahatoky sy feno famindram-po ataon'Andriamanitra amintsika amin'ny sehatry ny tsy fahombiazana toy ireny. Satria nahoana ? Noho ny fireharehana/avonavona fotsiny ... Ny tena marina dia tiantsika ny fideran'ny olombelona sy Andriamanitra ary izany indrindra no lazain'ny Soratra Masina fa mampijanona ny fanekena eo anatrehan'ny olona (Jaona 12: 42-43).

(Sary 13 - teny notsongaina)

Andrew Murray dia manoratra ao amin'ny bokiny *Humility and Absolute Surrender* manao hoe:

"Mora ny mihevitra fa manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra isika: fa ny fanetren-tena eo anatrehan'ny olona no hany porofo tokana ampy fa tena marina ny fanetren-tenantsika eo anatrehan'Andriamanitra."

(SARY 14,15 – teny notsongaina)

Nanoratra toy izao i Ellen White,

Aoka hiondrika amim-panetren-tena ny fanahy mirehareha. Aoka ho torotoro ny fo mafy. Aza manasohaso na mangoraka na manandratra ny tenanao intsony. Mijere, eny mijere Azy Izay nolefondin'ny fahotantsika. Jereo Izy nidina isaky ny indray mandingana tamin'ny lalan'ny fanetren-tena mba hanandratany antsika; nampidina ny tenany mandra-paha-tsya ahafahany midina ambany kokoa intsony, ary izany rehetra izany dia mba hanavotana antsika izay lavo noho ny ota! Nahoana moa isika no dia tsy miraharaha loatra toy izany, mangatsiaka loatra, be rehareha/avonavona loatra, mihevitra ho mahavita tena loatra? Iza amintsika no manaraka amim-pahatokiana Ilay Modely? Iza amintsika no nanorina sy nanohy ny ady amin'ny avonavona am-po? Iza amintsika no nitondra ny tenany, tamin-kitsim-po marina, hiady amin'ny fitiavan-tena mandra-pahatonga izany tsy hitoetra intsony ao am-po na hiseho eo amin'ny fiainana?"  
– *Testimonies to the Church, vol.5, pp.17-18*

Mamelà ahy hilaza tantara iray!

(SARY 16 - Fijoroana ho vavolombelona nataon'i Corrie Ten Boom)

## Fo manetry tena iray

FIJOROANA VAVOLOMBELONA NATAON’I CORRIE TEN BOOM  
(tena anarany sy sariny izany)

Angamba ianao efa nandre momba an'i Corrie Ten Boom niaraka tamin'ny fianakaviany nanampy tamin'ny famonjena ireo jiosy 800 mahery nandritra ny Famonoana nataon'ny Nazi tamin'ny Ady Lehibe Faharoa. Vokatry ny asa tany ambanin'ny tany nataon'ny fianakaviany tany Hollande dia voasambotra ny fianakaviana iray manontolo ary nalefa tany Ravensbrück, iray amin'ireo toby feno herisetra indrindra tany Alemania. An'arivony no maty teto!

Tamin'ny fotoana nahafahan'i Corrie tamin'ny fomba mahagaga tao amin'ny toby tamin'ny volana Desambra 1944, dia efa maty daholo ny havany akaiky indrindra raha mbola tany amponja. Na izany aza, raha tokony hikotrika ny ratrany na hitombo amin'ny fangidiana i Corrie dia nandany ny taona sisa tavela tamin'ny fiainany nitety an'izao tontolo izao, nizara ny fitiavan'i Jesosy.

Fantatra sy notiavin'ny olona noho ny fangorahany i Corrie, ary ny toe-panahiny mamy feno famindram-po sy fanetren-tena. Ary maro ny olona nanatona an'i Jesosy noho ny fijoroany vavolombelona. Kanefa mbola olombelona ihany izy, tahaka ahy sy ianao.

Indray mandeha, tamin'ny dia lavitra iray nataony, i Corrie dia nitantara ny amin'ny ady mafy natrehiny nipetraka nandritra ny takariva lavabe raha nanatrika favoriana naharitra ela tao Cuba. Vao avy nanao fampaherezana momba ny fitiavan'Andriamanitra izy, ary rehefa izany

dia nipetraka niandry teo amin'ny lampihazo raha nisy roa lahy nanao famelabelarana lava dia lava. Tena nafana tao amin'ilay toerana sady mando, feno bibikely nandehandeha eny rehetra eny, ary efa nandroso ny alina. Reraka i Corrie ary efa mila tsy hisy intsony ny faharetany rehefa nanomboka nanao antso avo lava dia lava ny mpandahateny farany.

“Azoko antoka fa tsy hisy olona mbola banana fahazotoana hanao zavatra hafa eto, afa-tsy ny handeha hody”, hoy Corrie ningononganona samirery. “Enga anie ka tsy hisy olona hitsangana hamaly ny antso. Mila mamonjy fandriana haingana aho izany”.

Akory anefa ny hagagany fa olona maro dia maro no nanatona teny aloha namaly ny antso. Ny sasany aza latsa-dranomaso mihitsy. Tampoka teo dia niaiky ny fitavan-tenan’ny fony i Corrie. Teo izy dia nanantena fa tsy hanolotra ny fiainany ho an'i Jesosy ireo olona ireo tamin'iny alina iny satria reraka ny tenany, nafana ary torovana. Avy hatrany izy dia niaiky ny helony tamin'Andrimanitra ary nangataka famelan-keloka; rehefa izany dia nitsangana izy nivavaka niaraka tamin'ireo izay nanatona teny aloha.

Ny ampitson'io, dia niangaviana handaha-teny tao amin'ny fiagonana lehibe iray tao amin'ny faritra mihaja ao Havane i Corrie. Betsaka ny olona ambony sy manan-kaja tonga nanatrika. Rehefa niditra tao am-piangonana izy iny maraina iny izy dia natolotr'izy ireo azy ilay bokikely misy ny fandaharana izay nisy ny teny fampidirana manandratra sy midera azy. Izao no vakiny: “Corrie Ten Boom dia evanjelistra malaza indrindra maneran-tany .... Tsy mety sasatra izy ary tsy manana fitiavan-tena velively noho ny fanoloran-tenany tanteraka ho an'ny filazantsara.” Rehefa namaky io fampidirana io i Corrie dia ketraka ny fony. Nivavaka izy nanao hoe: "Tompo ô," raha mba fantatr'ireto olona ireto manko ny tena Corrie Ten Boom dia tsy ho tonga hihaino ahy handaha-teny izy ireo amin'ity maraina ity. ”

“Nahoana no tsy ambaranao azy ireo ny tena Corrie marina ...” hoy ny Fanahy Masina namaly azy. Avy hatrany dia nanomboka nanohitra i Corrie. “Nefa anie Tompo ô, raha ambarako azy ireo, dia ahoana raha mandà ahy izy ireo?” Dia mbola henony indray ilay feo malefaka nefahentitra manao hoe: “Afaka mitahy lainga ve Aho?”

Koa tamin'io maraina io dia nanambara tamin'ny mpihaino azy ny fahamarinana mangidy i Corrie. Vokatr'izany dia maro ny fo torotoro ary niforona ny fototry ny fifohazana marina.

(SARY 17 – teny notsongaina)

(SARY 18 - fanontaniana)

Mety hanontany tena ianao manao hoe: **Inona no tena fahatorotoroana?** Ny sasany dia mihevitra fa fisaintsaina mampalahelo tsy tapaka ao anaty izany. Ny sasany dia mihevitra fa fahatsapana fihetseham-po be amin'ny fotoam-pivavahana izany na fahakiviana ao amin'ny fanahy raha toa ka faly kosa ny olon-drehetra. Ny sasany dia mety hieritreritra fa fanekena amim-pahanginana ny fanararaotana ataon'ny hafa mandritra ny taona maro izany. Raha ny marina, dia samy tsy izy ireo voalaza eo ambony ireo. Ny tena zava-misy dia maro no niaritra fanaintainana na fahorianana mangina, ary mbola maro koa no efa nandrotsaka ranomaso be dia be, nefahantsoa tsy mbola niaina na nanao fanandramana ny amin'ny tena fahatorotoroana marina izy ireo.

(SARY 19 – teny notsongaina)

“Ny fahatorotoroana marina dia fomba fiainana anekena miaraka amin'Andriamanitra isam-potoana ny tena toetran'ny foko sy ny fiainako — tsy araka ny fiheveran'ny olondrehetra azy fa araka ny fahalalan'Andriamanitra azy.

Ny fahatorotoroana dia ny fanapotehana ny sitrapoko - ny fanolorana tanteraka ny sitrapoko amin'Andriamanitra. Izany dia filazana hoe: 'Eny, Tompo ô!' - tsy misy fanoherana, na fahatezerana, na fiziriziriana - manolotra tsotra fotsiny ny tenako [na manao ahoana na manao ahoana fanaintainana na vidiny) ho eo ambandy amin'ny fitarihany sy ny sitrapony eo amin'ny fiainako.” - *Nancy Demoss, Brokeness*, p. 44

Amin'ity tolakandro ity isika dia hanokana fotoana hivavahana sy hangatahana amin' Andriamanitra mba hanampy antsika ho tonga amin'ny fahatorotoroana marina ao anaty, amin'ny fahatsapana marina ny filantsika ara-panahy lehibe.

Ny teny ho vakiana ho an'ny fotoam-bavaka ataontsika dia ny **“Ny fahatsaran’ny fanetren-tena.”**

Izao aho dia mila mampitandrina anareo fa tsy mora ny mamaky azy io satria manindrona! Nanindrona ny foko izy io tamin'ny namakiako azy voalohany satria nahatsapa ireo fomba rehetra ilàko ny fahasoavana mamonjy avy amin'Andriamanitra aho. Nefa izany no antony maha-zava-dehibe ny izarana azy.

(SARY 20 – teny notsongaina

Ny tsindrimandry dia milaza amintsika hoe: “Ilaintsika ny handohalika matetika ka hitomany eo an-tongotr'i Jesosy, noho ny tsy fahatanterahantsika sy ny fahadisoantsika; saingy tsy tokony ho kivy isika.... Rehefa tsy matoky ny herintsika manokana isika dia hatoky ny herin'ny Mpanavotra antsika.” – *Selected Messages, book 1, p. 337*

Tsarovy fa eto amintsika i Jesosy ary mitondra antsika eo am-pototry'ny hazo fijaliana Izy. Ary *izany no toerana tena tsara indrindra!*

## “Ny fahatsaran’ny fanetren-tena”

### VAKITENY FENO VAVAKA

[**Fanamarihana:** Misy vakiteny roa samihafa momba ny fahatsaran’ny fanetren-tena manomboka amin’ny pejy 37. Azonao atao ny misafidy hampiasa ny vakiteny fohy iray pejy, na ny dikan-teny lalina kokoa sy lava kokoa. Ny anankiray fohy dia zaraina mandritra ny seminera, raha azo atao.]

Hevitra azo hanaovana ny fiaraha-mivavaka:

(Sary 21      **dikan-teny fohy momba ny fahatsaran’ny fahalemem-panahy!)**

(Sary 22 - 33 **dikan-teny lava momba ny fahatsaran’ny fahalemem-panahy!)**

Ilay fotoam-bavaka dia atao amin’ny fomba maro samihafa.

1. Olona roa dia afaka mamaky fizarana maromaro avy amin’ny "Fahatsaran’ny Fanetren-tena" eny aloha. Ny iray mamaky ny ampahany momba ny FANETREN-TENA, ary ny iray mamaky ny ampahany momba ny FIREHAREHANA (Avonavona). Rehefa izany dia mizarazara vondrona kely hiaraka mivavaka momba ireo teboka novakiana.
2. Ny mpanao famelabelarana dia afaka mamaky fizarana **maromaro** avy amin’ny "Fahatsaran’ny Fanetren-tena" eny aloha ary avy eo mitarika vavaka iraisana mandritra ny minitra vitsy ho valin'ireo teboka voatonona, ka miara-manonona vavaka ny tsirairay ary mamerimberina mandra-pahavitan’ny teboka rehetra.
3. Ny mpanao famelabelarana dia afaka mizara ny "Fahatsaran’ny Fanetren-tena" ary avy eo manome fotoana ho an’ny tarika madinika hiadian-kevitra sy hivavahana amin’ny farany.
4. Ny mpanao famelabelarana dia afaka mizara ilay dikan-teny kely amin’ny pejy tokana momba ny "Fireharehana/avonavona mifanohitra amin’ny Fanetren-tena" ary mamela ny tarika madinika hamaky sy hivavaka . Na miangavy ny olona hanokana fotoana hivavahana samirery.

**ZAVA-DEHIBE:** Rehefa resy lahatra momba ny zavatra iray isika dia zava-dehibe ny hampiarahana izany faharesen-dahatra izany amin’ny vavaka. Aza lany andro mamaky manontolo ny "Fahatsaran’ny Fanetren-tena" nefo tsy misy fotoana ampy hanaovana vavaka ho setriny.

(SARY 22 - 33)

## Ny fahatsaran'ny fanetren-tena

[Fifanoherana eo amin'ny Avonavona sy ny Fanetren-tena]

### FIFANOHERANA

- Ny olona feno fieboeboana dia mahita ny tsara rehetra vitany ary mahatsapa ho mendrika ny Famonjena.
- Ny olona manetry tena dia mahafantatra fa amin'ny alalan'ny fahamarinan'i Kristy ihany no ahazoany Famonjena.

*"Tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindram-po kosa no namonjeny antsika, tamin'ny fanasana ny fiterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina" (Titosy 3: 5).*

- Ny olona feno fieboeboana dia mahatsapa ho matoky tena sy mirehareha ny amin'ny habetsahan'ny fahalalany.
- Ny olona manetry tena dia mahatsiaro mietry noho ny habetsahan'ny zavatra tokony mbola hianarana.

*"Ary Davida mpanjaka niditra ka nipetraka teo anatrehan'i Jehovahary nanao hoe: Zinona moa aho, Jehovah Tompo ô? Ary zinona ny mpianakaviko no novimbininao ambaraka ankehitriny aho? "(2 Samoela 7:18).*

- Ny olona feno avonavona dia misaotra an'Andriamanitra fa tsy mba tahaka ny tontolo manodidina azy ireo.
- Ny olona manetry tena dia mahatsapa fa ny "avonavona" amin'ny maha-izy azy dia mahafaty toy ny fahotan'izao tontolo izao.

*“Fahavetavetana eo imason'i Jehovah izay rehetra miavonavona am-po; Azo itompoana fatratra fa tsy maintsy hampijaliana izy» (Ohabolana 16: 5).*

- Ny olona miavonavona/feno fieboeboana dia mitondra lolom-po satria sarotra aminy ny miteny hoe: “Diso aho. Mamela ahy ve ianao? ”
- Ny olona manetry tena dia mailaka ny hiteny hoe: "Miala tsiny aho, aoka havela any izany."

*“Ary amin'izany raha mitondra ny fanatitrapa ho eo amin'ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahiniao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrapa, ka mandehana aloha ataovy izay hihavananao amin'ny rahalahiniao, ary rehefa miverina dia vao atero ny fanatitrapa ”(Matio 5: 23,24).*

- Ny olona feno fieboebo dia manana fironana hifantoka amin'ny tsy fahombiazana sy ny fahalemen'ny hafa ary tsy mihontsona amin'ny fahatorotoroan'ny hafa.

- Ny olona manetry tena dia mahatsiaro lalina ny fahalemeny manokana sy ny filàny ara-panahy lehibe ary tohina ny amin'ireo torotoro fo.

*"Mahatoky ka tokony hekena amin'ny fankasitrahaha rehetra izao teny izao : tonga tety ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota, ary amin'ireny izaho no lohany"*  
(1 Timoty 1:15).

- **Ny olona miavonavona/manambony tena dia mila manaporofa marina ny tenany ary manarona ny toe-javatra na dia diso aza.**

- Ny olona manetry tena dia vonona hanajanona "ny zony amin'ny fananana ny marina" na dia amin'ny toe-javatra ananany ny rariny aza, satria ny manahirana azy kokoa dia ny ho marina eo anatrehan'Andriamanitra noho ny eo anatrehan'ny olona.

*"Fa raha sitrapon'Andriamanitra dia tsaratsara kokoa ny hitondra fahorianana amin'ny fanaovan-tsoa noho ny amin'ny fanaovan-dratsy"* (1 Pet. 3:17).

- **Ny olona feno fireharehana/avonavona dia miaro amim-pitiavan-tena ny faritra misy azy, ny fotoanany ary ny lazany.**

- Ny olona manetry tena dia manana toe-tsaina hanome amim-pahalahalan-tànana ary vonona ny hoelingelenina, mamela an'Andriamanitra hiaro ny toerany, ny fotoany ary ny lazany.

*"Omeo, dia mba homena ianareo: fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihatra no homeny ho ao am-pofoanareo. Fa izay fatra ataonareo no hamarana ho anareo kosa."* (Lioka 6:38).

- **Ny olona feno fieboeboana dia sahirana loatra ka tsy mahatsikaritra na manatona ireo "olona madinika" eo amin'ny fiainany, dia ireo izay tsy ahazoany tombon-tsoa amin'ny fomba manokana.**

- Ny olona manetry tena dia mikatsaka mandrakariva ny hanompo na dia ny "kely indrindra amin'ireny" aza toy ho an'i Jesosy.

*"Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: 'Lazaiko aminareo marina tokoa: araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko'"* (Matio 25:40).

- **Ny olona mirehareha dia maniry ny ho hitan'ny olona sy hobiany, ary mitsiriritra fampisondrotana, valisoa ary loka.**

- Ny olona manetry tena dia maniry ny ho mahatoky mba ho hita ny voninahitr' Andriamanitra, ary miafina lavitra izy ireo mba tsy ho fantatra na hoderaina.

*"Jehovah fa ô, aza izahay, aza izahay no omena voninahitra ny anaranaao ihany noho ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao"* (Salamo 115: 1).

- Ny olona feno fieboeboana dia mailaka ny hanandratra ny anaram-boninahiny sy zava-dehibe vitany ary mahatsapa fa manana fa tokony ho karakaraina manokana.

- Ny olona manetry tena dia tsy mila miresaka momba ny anaram-boninahiny na ny zava-bitany, ary afa-po izy ireo raha tsy voamarika raha toa ka mahazo ny voninahitra Andriamanitra.

*"Maro ny olona samy midera ny soa ataon'ny tenany avy, fa izay olona mahatoky iza moa no mahita?" (Ohabolana 20: 6).*

- Ny olona feno avonavona dia mampiasa ny fainany sy ny hery miasa mangina ananany mba hatao ho sehatra hanehoana ny tenany.
- Ny olona manetry tena dia mampiasa ny sehatra sy ny hery miasa mangina nomen' Andriamanitra mba hikatsahana ny hanandrata na an'i Kristy ary hanao izay hahazoana antoka fa Izy irery ihany no hita.

*"Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena " (Jaona 3:30).*

- Ny olona feno fireharehana dia manana fahasarotana ny amin'ny fanompoana sy ny fileferana amin'ny hafa, ary mora mirona ho amin'ny fitsikerana sy fimenomenonana amin'ireo izay manana fahefana sy fitantanana.
- Ny olona manetry tena toa an'i Jesosy, dia manompo ny rehetra amim-panetren-tena, tsy mijery sata na toerana. Manandratra ireo izay tsy afaka hanome tombon-tsoa azy izy, ary koa mazoto mikatsaka amim-panajana ny hanohana ny sandrin'ireo manam-pahefana.

*"Ary izay te ho ambony indrindra aminareo, dia ho mpanomponareo. Fa tahaka izany ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro" (Matio 20:27, 28 ).*

- Ny olona miavonavona dia mieritreritra mandrakariva ny zavatra tsara ataony ho an' Andriamanitra, ary ny fomba tsy azon'ny fiangonana na ny sampana atao raha tsy misy azy ireo.
- Ny olona manetry tena dia mahatsapa fa raha tsy misy an' Andriamanitra dia tsy afaka hanao zavatra manan-danja ho an'ny fanjakany izy. Mahatsapa ho naetry tena izy raha tsy ampriasaina na amin'inona na inona.

*"Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony" (Filipiana 2:13).*

- Ny olona feno avonavona dia mazana no mangatsiaka, mihatakataka, mihenjana, tsy mamela heloka ary tsy azo hatonina. Rehefa misy tsy fifankahazoana miseho dia miandry ny hafa hanao ny hetsika voalohany izy ireo.
- Ny olona manetry tena dia mafana, be fitiavana, manintonana eo amin'ny fomba amampanaony, mamela heloka ary mora hifampiraharahanana. Mailaka izy ireo ny hanarina ny simba.

*"Esory aminareo ny fo lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny hatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy rehetra ary ny lolom-po rehetra. Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo tao amin'i Kristy "(Efesiana 4: 31,32).*

- Ny olona feno fieboeboana dia matetika no miaro tena rehefa voatsikera ary tsy tiany ny hahalalan'ny hafa hoe nanao fahadisoana izy na nanao ratsy.
- Ny olona manetry tena dia mandray tsikera miaraka amin'ny fo manetry tena sy misokatra ary mikatsaka ny hitombo amin'izany. Tsy dia matahotra loatra izy ireo raha hitan'ny hafa ny tsy fahombiazany.

*"Fa izay tian'i Jehovah no anariny, dia tahaka ny ataon'ny ray amin'ny zanaka tiany."*  
*(Ohabolana 3:12).*

- Ny olona feno fireharehana dia manana fironana handeha irery ary manana fahasahiranana ny hizara ny adiny ara-panahy sy ny filàny amin'ny hafa.
- Ny olona manetry tena dia vonona hisokatra, ho mora tohinina ary ho marina eo anatrehan'ny hafa. Tsy manahy ny hiseho ho malemy izy ireo, fa maniry kosa ny ho marina fa homem-boninahitra ny herin'Andriamanitra na dia amin'ny fotoan'ny fahalemeny aza.

*"Nefa hoy Izy tamiko: Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko "(2 Korintiana 12 : 9).*

- Ny olona feno fieboeboana, rehefa miaiky ny fahotany amin'Andriamanitra, dia miaiky amin'ny ankapobeny amin'ny fomba manjavozavo. "Andriamanitra malala ô, mamelà ny heloko rehetra."
- Ny olona manetry tena, rehefa miaiky heloka amin'Andriamanitra, dia miaiky mandrakariva ny heloka voatondro manokana. "Andriamanitra malala ô, mamelà ny heloko fa \_\_\_\_\_."

*"Koa mifaneke heloka ianareo , ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra "(Jakoba 5:16).*

- Ny olona feno avonavona dia liana ny amin'ny tokony ho hajaina fa tsy ho jerena fotsiny. Ary no ho izany izy ireo mazana dia miseho ivelany ho marina.
- Ny olona manetry tena dia liana kokoa mba ho marina amin'Andriamanitra, ary mandà izay karazana fihatsarambelatsihy na fiainana roa sosona izy ireo.

*"Fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona no fijerin'i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo "(I Samoela 16: 7).*

- Ny olona feno fireharehana dia mampitaha ny tenany amin'ny hafa ary mahatsapa ho mendrika voninahitra sy famonjena.

- Ny olona manetry tena dia manaiky ny tena toetrany mpanota, ary midera an'Andriamanitra fa naniraka ny Zanany Izy, ka na dia tsy mendrika aza dia hahazo famonjena sy haja.

*"Fa Andriamanitra maneho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy" (Romana 5: 8).*

- **Ny olona miavonavona dia mihevi-tena ho mety tokoa, nefo jamba ny amin'ny toe-piainany marina izy ireo.**

- Ny olona manetry tena dia manana fihetsika sy toe-tsaina tsy miovaova manao hoe "Andriamanitra o! mamindra fo amiko mpanota!"

*"Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavitra eny, sady tsy nety niandrandra ny lanitra akory, fa niteha-tratra ka nanao hoe: Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota!"  
(Lioka 18:13).*

- **Ny olona feno avonavona dia tsy mieritreritra ho mila fifohazana fa mieritreritra kosa fa ny olona hafa rehetra no mila izany. (Raha ny marina, amin'izao ankehitriny izao indrindra dia manao lisitra ao an-tsaina an'ireo izay mila mamaky ity lisitra ity.)**
- Ny olona manetry tena no ho voalohany hanaiky fa mila fifohazana ara-panahy isan'andro! Tsapan'izy ireo hatrany ny ilàny ny firotsahan'ny Fanahy Masina mamelembelon'aina ao am-pony sy ny fiainany.

*"Tsy hovelominao indray va izahay, mba hifalian'ny olonao aminao?" (Salamo 85: 6).  
"Tompo ô! Mamindrà fo amiko, fa Hianao no iarainako mandrakariva" (Salamo 86: 3).*

[Manokàna fotoana mandritra ny atrikasa tolakandro mba hivavahana ho an'ny zavatra ifantohan'ny vavaka amin'ity taona ity, sy ny famakiana ny "Fahatsaran'ny Fanetren-tena ". Dia farano akaiky ny programa.]

[SARY 34 - fiderana, Ezekiela]

### Famintinana sy famaranana aorian'ny fotoam-bavaka:

Azontsika atao ve ny miteny hoe DERAINA NY TOMPO satria manompo Andriamanitra afaka mameleona ny taolana maina isika?

Isika dia manompo Andriamanitra izay afaka manova fo! (Ezekiela 36:26)

Isika dia manompo Andriamanitra iray izay afaka mandray fo miavonavona ary manamboatra izany ho mahafinaritra ao amin'ny fanetren-tena mamy!

[SARY 35 - vovoka]

Averina indray... andeha hatolotsika an'Andriamanitra ny vovotsika!

Araka ny nianarantsika tamin'ity tolakandro ity dia misy toerana roa tian'Andriamanitra hitoerana... ny iray dia eo amin'ny toerana avo sy masina, ary ny iray dia ao amin'ny fo torotoro sy manenina – ny fon'ny fanetren-tena!

[SARY 36 - fiderana, Salamo]

Mbola misy toerana hafa, izay tsy voalazantsika, izay tian'Andriamanitra hitoerana! Tiany ny hitoetra ao am-pon'izay midera ny Anarany!

Milaza amintsika ny Baiboly fa Andriamanitra dia mitoetra ao amin'ny fideran'ny olony!

[SARY 37 - fiderana, 2 Petera]

Raha hamarana ny fandaharana amin'ity tolakandro ity isika, dia aoka hidera an' Andriamanitra Izay nanome antsika izay rehetra ilaintsika amin'ny fiainana sy ny toe-panahy araka an' Andriamanitra... Ary izay rehetra nokasain'ny fahavalohanisiana ratsy antsika dia azon'Andriamanitra avadika ho tsara .

Hampitomboina ho anareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana amin'ny fahalalana tsara an' Andriamanitra sy Jesosy Tomponsika. Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an' Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany. **Ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra**, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna (2 Petera 1: 2-4).